Hebreo, Toko Voalohany

Ary manome ny—ny kely. . . Heveriko fa tsy misy na inona na inona tsaratsara kokoa, ho ahy, noho ny Teny mihitsy. "Ny finoana dia avy amin'ny fandrenesana, ary ny fandrenesana ny Tenin'Andriamanitra."

2 Amin'ireo Alarobia, ary angamba amin'ireo Alahady, iray amin'ireo fotoan'ny Alahady, dia hanome fialan-tsasatra kely ho an'ny pasitera, izay tena mendrika azy izany, ary nihevitra aho fa handray Boky iray ao amin'ny Baiboly fotsiny angamba isika. Nanao an'izany isika taloha, ary indraindray dia nijanona herintaona teo amin'izany.

3 Tsaroako indray mandeha fa nijanona herintaona manontolo teo amin'ny Bokin'ny Apokalypsy isika. Fa, oh, oadray, ireo zavatra izay nianarantsika, ary nahafinaritra toy ny ahoana ilay izy! Avy eo isika dia niverina ka naka ny Bokin'i Daniela, na ny Bokin'ny Genesisy, na Eksodosy, ary naka an'izany fotsiny, isaky ny toko, ary mamatotra ny Baiboly manontolo hiaraka mihitsy izany. Oh, tiako fotsiny izany!

4 Aoriana kely, dia tsy maintsy haka isika ny. . . Raha manohy mitahy ny Tompo ka mandroso isika, dia hiditra eo amin'ireo zavatra tena lalina ato isika, tena lalina. Ary handeha hitety toerana fotsiny isika, manerana ny Soratra, amin'izany.

5 Ary tiako ny mampitaha ny Soratra amin'ny Soratra. Tahaka an'izany no tsy maintsy maha-izy azy. Sary lehibe iray tsara tarehy fotsiny izany. Ary ao amin'ity Boky izay ianarantsika ity, dia hiditra isika ao amin'ny, oh, ny famonjena, sy ny fanasitranana avy amin'Andriamanitra, sy ireo fahagagana, ary ireo famindrampo. Ary, oh, ny zavatra rehetra dia tonga ato anatiny ato.

6 Ary angamba rehefa tonga any amin'ny toerana iray izay tsy maintsy hanaovako an'ireo fivoriana aho. . . Tsy fantatro fotsiny mihitsy hoe rahoviana aho no ho any amin'ny fivoriana iray, antsoina ho any amin'ny fivoriana iray, satria tsy manana na inona na inona voalamina aho raha tsy efa mahatsapa ho voatarika hanao zavatra anankiray. Ary mety ho alohan'ny rahampitso maraina izany, mety handeha ho any California aho, ho any Maine na any ho any, any amin'izay Hiantsoany ahy fotsiny. Izany no antony tsy andaminako toerana lehibe, lava, satria tsy afaka manao an'izany aho. Tsy tahaka an'izany no nanaovana ny asam-panompoako, fa samihafa fotsiny ilay izy.

7 Ary ankehitriny dia tonga ao an-trano aho ho an'ny fialan-tsasatra kely. Very roapolo livatra aho, tao anatin'ity fivoriana farany ity. Ary tonga tany Rahalahy Mercier sy Rahalahy Goad,

vao teo, ka nanao hoe, “Rahalahy Branham, voamariko izay ataonao. Ny fonao manontolo no apetrakao ao amin’ilay izy.”

8 Hoy aho hoe, “Izany ihany no fomba ahafahanareo manao karazana asa tsara iray ho an’ny Tompo, dia ny mametraka ny zavatra rehetra izay anananareo mihitsy eo amin’ilay lohalaharana ho an’i Kristy; ny herinareo rehetra, ny fanahinareo rehetra, ny fonareo rehetra, ny sainareo rehetra, ny zavatra rehetra izay anananareo.” Rehefa manao zavatra iray ianareo, dia ataovy tsara ilay izy raha tsy izany dia aza manao an’ilay izy mihitsy, hitanareo, avelao hipetraka tsara fotsiny izany. Raha ho lasa Kristiana iray ianareo, dia apetraho eo amin’i Kristy ny zavatra rehetra izay anananareo, izany hoe, ny fotoanareo, ny talentanareo, ny zavatrareo rehetra.

9 Vao avy nahamarika an’ity lehilahy tanora ity aho. Vadinao io, Rahalahy Burns, sa tsy izany, ilay nitendry sy nihira teo, io mpivady tanora io. Ary—ary tsy piano iray ilay izy, na orga iray koa, fa ilay izy dia karazana fitaovana iray, izay rangotin’izy ireo sy tsongoiny, ary manao zavatra iray ho an’ny Tompo. Angamba afaka manao an’izany ianareo, ka mihira, izany dia, mahazo fanahy. Manaova zavatra iray, tsy mampaninona. Raha ianareo—afaka misioka ianareo, eny, misihà. Manaova zavatra iray fotsiny. Mijoroa vavolombelona fotsiny na manaova zavatra iray ho an’ny Fanjakan’Andriamanitra. Izay anananareo, dia apetraho ho ampiasaina ao amin’ny asan’Andriamanitra izany.

10 Ankehitriny, tsy hiezaka ny hijanona tena ela isika, satria fantatro fa miasa ianareo. Tsy maintsy mifoha aloha ianareo. Ary izaho dia mandeha mihaza vontsira isa-maraina. Hoteneniko aminareo fotsiny ny fahamarinana. Izany no ataoko. Ho an’izany no ahatongavako any an-trano, dia ny miala sasatra kely. Ary noho izany dia mifoha aho, eo amin’ny efatra ora eo, ka mandeha any anaty ala ary, eny, mihaza kely dia miverina matory. Ary hahazo kely an’io lanja very io aho, noho izany dia hiala sasatra aho, afaka kelikely, raha ianareo . . . raha sitraky ny Tompo. Ary tsara ny zavatra rehetra.

11 Eny àry, ankehitriny, dia hamadika ao amin’ny Baibolinareo isika. Tiako ianareo hitondra ny Baibolinareo isan-kariva, mba ianareo . . . arak’izay vitanareo. Raha misy olona vitsy tsy manana, raha misy olona iray te-hanaraka ny famakiana, dia manana vitsy izahay eto, izahay dia hangataka ny . . . ny sasany amin’ireo mpampiditra olona hizara azy ireo. Misy olona mila anankiray ve? Eny, atsangano fotsiny ny tànanareo.

12 Manontany aho raha Rahalahy . . . Doc, avia eto ary alaivo ireto Baiboly ireto. Ianao no mitsangana eo akaiky eo, ary Rahalahy Burns. Marina ve izany, Burns? Nandre azy aho nanao . . . [Hoy ilay rahalahy hoe, “Conrad.”—Mpand.] Ahoana? [“Conrad.”] Conrad. Izaho dia niantso azy . . . Lasa sarotra mandre kely aho, angamba, Rahalahy Neville. Ahoana no mba

nahazoako an'ilay anarana hoe Burns? Fantatro ny tarehin'ilay lehilahy, fa tsy afaka fotsiny aho, tsy afaka niantso ny anarany.

13 Ary fantatrareo, rehefa miha-antitra kely ianareo, dia mahita zavatra anankiray aho, sarotra kokoa ho ahy ny mamaky an'ity Baiboly ity. Ary halako ny mieritreritra ny tsy maintsy hanaovana solomaso, mba hamakiana ny Baiboly.

14 Saingy, teto vao tsy ela akory izay, dia nieritreritra aho fa ho jamba aho. Ary nandeha aho nijery an'i Sam. Dia hoy i Sam hoe, "Bill, tsy fantatro." Hoy izy, "Haka fotoana ho anao amin'ny manam-pahaizana manokana iray fotsiny aho."

15 Nandeha nankany Louisville aho. Tsy maintsy ho izany ilay sitrapon'ny Tompo. Manam-pahaizana manokana malaza iray; adinoko ny anarany ankehitriny. Fa efa namaky ny bokiko izy. Dia hoy izy hoe, "Raha mba hiverina any Afrika ianao, dia te-hiaraka aminao aho." Hoy izy hoe, "Ary ianao raha . . . Tia anao ireo vahoaka Afrikana ireo." Ary hoy izy, "Tena minomino foana izy ireo, indrindra mikasika ny antsy iray, hanaovana fandidiana. Noho izany," hoy izy, "te-hanolotra enim-bolana amin'ny fiainako aho, ho an'ny fandidiana kiramaso sy ny sisa, ho an'ny . . . ao amin'ny asa." Dia hoy izy, "Raha afaka mandeha miaraka isika, ka afaka mahita fitia amin'izy ireo ianao, tahaka an'izany." Hoy izy, "Amin'izay fotoana izay raha tratry ny kiramaso sy asa momba ny maso izy ireo," hoy izy, "dia ho tiako fotsiny ny hanolotra an'izany, maimaim-poana, enim-bolana amin'izany." Ary adinoko hoe hafiriana no tsy maintsy iandrasanareo hahazoana fotoana iray aminy.

16 Ary nipetraka tao amin'ny efitra kely iray izahay ary izany dia nisy jiro mena kely—kely nirehitra, tao amin'ilay efitra maizina tany. Nahoana, afaka namaky an'ireo litera aho. Izany dia voalaza hoe roapolo-roapolo. Afaka namaky an'izany tamin'ny fomba rehetra aho. Dia namboariny ho dimy ambin'ny folo-dimy ambin'ny folo izany, ary afaka namaky an'ilay izy aho. Ary nataony ho folo-folo izany, dia afaka namaky an'ilay izy aho. Hoy izy hoe, "Eny, tsy dia misy tsy mety betsaka amin'ny masonao."

17 Noho izany dia nanana teleskôpy kely iray izy. Nametraka fitaovana kely iray izy teto ambadika teto, zavatra kely iray, fantatrareo. Ireny teleskôpy tranainy ireny, firy no mba mahatsiaro azy ireny? Nijery tamin'ny alàlan'izy ireny isika fahiny, mijery sary, tahaka an'izany mihitsy. Dia hoy izy hoe, "Afaka mamaky an'ity ve ianao?"

Hoy aho hoe, "Eny, tompoko."

Hoy izy hoe, "Vakio ho ahy ilay izy."

18 Izany dia nanana ny, oh, ny andalana iray manontolo, saiky tahaka an'*izao*. Nanomboka aho, namaky an'ilay izy; nanomboka nampanatona an'izany izy, tahaka an'*izao*, lasa niha-niadana sy niha-niadana. Tonga teo amin'ny saiky tahaka

an'*ity* izy, dia nijanona aho. Hoy izy hoe, "Afaka miteny zavatra iray aminao aho, efa mihoatra ny efapolo taona ianao."

Hoy aho hoe, "Eny, marina izany, mihoatra lavitra an'izany."

19 Hoy izy hoe, "Ahoana no nanaovanao an'ilay izy?" Hoy izy hoe, "Ny mason'olombelona, ara-boajanahary, rehefa mahatratra efapolo taona ianao, tahaka ny volonao lasa fotsy, sy ny sisa, dia lasa fisaka ny voamasonao." Hoy izy, "Ankehitriny, raha velona ela be ianao, dia hiverina indray izany." Hoy izy hoe, "Io ilay fahitana faharoa, izay iantsoan'izy ireo azy. Saingy," hoy izy, "ny olombelona, eo amin'ny efapolo taona, izy ireo tokoa . . . " Hoy izy, "Tsy misy na inona na inona tsy mety amin'ny mason'izy ireo."

20 Izaho dia afaka—afaka mahita volo iray aho raha mipetraka eo amin'ny gorodona izany, raha lavitra ahy izy. Fa raha akaiky ahy izy . . . Dia hoy izy hoe, "Ankehitriny, mamaky ny Baibolinao ianao," hoy izy, "atosikao lavitra anao izany." Hoy izy, "Afaka kelikely, dia tsy ho lava betsaka intsony ny sandrinao, hany ianao ka tsy afaka—tsy afaka hanalava azy lavitra betsaka hihazona azy."

21 Ary noho izany dia nanamboatra solomaso iray ho ahy izy, ary ny ampahany ambany dia ahafahanareo, ho an'ny famakiana izany. Hoy izy hoe, "Ankehitriny, eo amin'ny polipitranao . . . " Nihevitra izy fa iray amin'ireo mpitory teny mendri-kaja eto ireo aho, fantatrareo. Ary noho izany dia nilaza izy fa ny . . . ianareo . . . Ilay ampahany ambony dia solomaso fijerena tsotra fotsiny, solomaso tsotra fotsiny. Ary ilay ampahany ambany dia misy karazana tsipika iray ao anatiny, izay ahafahako mamaky azy akaiky, fantatrareo, tahaka an'*izao*. Noho izany dia halako fotsiny ny manao azy ireo; tena halako.

22 Ary ankehitriny, ao amin'ny fampianaran'ny Baiboly, ary naka ny Testamenta Vaovao aho izao hariva izao. Noho izany ilay izy dia . . . Manana Testamenta Vaovao Collins iray aho ary izany dia manana haben'ny printy tsara. Saingy ankehitriny, rehefa hiverina ao amin'ilay anankiray hafa aho, izaho—mety tsy maintsy haka an'ireto malala tranainy ireto aho, ary—ary hamaky kely amin'ny alàlan'izy ireto. Fa na inona na inona ilay izy, izaho—faly aho fa manana zavatra iray izay izaho—mbola azoko amakiana foana. Ary—ary—ary na inona na inona ananako, dia homeko ny olona rehetra ny zavatra rehetra izay vitako, ho an'ny voninahitr'Andriamanitra, manantena aho fa Izy no hanaisotra an'io famantaran'ny fahanterana io. Tsy afaka hangataka Aminy hanaisotra ny taonako aho. Izaho . . . Hia, izay fotsiny no zavatra tokana izay tokony hataontsika rehetra. Tsy maintsy mandalo amin'izany isika. Ary fantatro fa tsy zazalahy kely iray tahaka ahy taloha intsony aho, mijoro eto amin'ny lampihazo. Valo amby efapolo taona aho. Ary eritrereto

fotsiny, roa taona amboniny, dia ho dimampolo taona aho, Rahalahy Mike.

23 Oadray, sarotra ho ahy ny mino an'izany! Izaho fotsiny . . . Tsy fantatro mihitsy hoe efa nihoatra ny roapolo taona aho raha tsy teo amin'ny roa taona lasa teo izao. Marina izany. Marina izany. Izaho fotsiny . . . Tsy afaka nino an'izany aho. Ary kanefa aho—aho . . . Sarotra ho ahy ny mino raha tsy mijery eo amin'ny fitaratra aho, ary avy eo aho—fantatro fa izany ilay izy, amin'izay fotoana izay. Fa—fa eo am-pijerena fotsiny, dia mahatsapa ho tsara fotsiny tahaka ny efa tsapako hatramin'izay teo amin'ny fiainako aho, ary izaho dia mankasitraka ny amin'izany, ihany koa. Ho an'Andriamanitra ny dera rehetra.

24 Ankehitriny, mianatra ny Bokin'ny Hebreo isika. Izany dia efa . . . Oh, izany no Boky lalina indrindra, manan-karena indrindra an'ny Baiboly. Teneniko aminareo, izany dia Boky iray izay tena ho . . . Raha avelan'Andriamanitra, ka hiditra ao amin'ity mihitsy isika, dia mino aho fa hahita vaingambolamena isika hany ka hihiakiaka fiderana an'Andriamanitra hatrany. Ary ankehitriny aho . . .

25 Ny Bokin'ny Hebreo, marina tokoa fa izany Izy, Izy dia natao ho nosoratan'i Masindahy Paoly, ilay mpanazava ny Baiboly malaza indrindra, heveriko, izay hany nananan'izao tontolo izao, ankoatran'i Jesosy Kristy Tompontsika. Ary i Paoly dia nanavaka ny . . . Ankehitriny, tena mpampianatra Baiboly iray i Paoly; izany hoe, ny Testamenta Taloha. Izany no Boky tokana izay voasoratra tamin'izany, nantsoina hoe Baiboly. Ary niezaka izy ny naneho tamin'ireo Hebreo, nanavaka ny Testamenta Taloha ary naneho fa ny Testamenta Taloha dia aloka iray na tandindona iray an'ny Vaovao.

26 Eo mihitsy isika dia afaka hisintona kofehy iray ka hijanona telo volana eo amin'io fisainana anankiray io mihitsy, eo mihitsy. Mba hiverenana mihitsy, raha afaka namadika tao amin'ny Baibolintsika isika ankehitriny, mazava ho azy fa eo amin'ny Hebreo isika, ny toko 1. Fa raha namadika tao amin'ny Apokalypsy isika, ny toko faha-12, dia ho nahita an'izany tanteraka indray ianareo, hoe ahoana ireo aloka ireo. Raha . . . ianareo izay manana ny pensilinareo ka handray naoty ny Soratra. Ao amin'ny Heb- . . .

27 Ao amin'ny Apokalypsy 11, dia hitantsika fa i Jaona, tao amin'ny nosin'i Patmo, dia nahita vehivavy iray nitsangana teny amin'ny lanitra, ary nanana ny masoandro teo amin'ny lohany izy ary ny volana teo ambanin'ny tongony. Ary nihetsi-jaza ilay vehivavy, amin'ny ankizy iray ho teraka. Niteraka ankizy lahy iray izy. Nitsangana ilay dragona mena, mba hihinana an'ilay ankizy vantany vao teraka izy. Ary ilay—nentina nankany Andanitra ilay ankizy, ary ilay vehivavy dia nandositra nankany

an-efitra izay namelomana azy nandritry ny fotoana iray, fotoana, ary antsasaky ny fotoana iray, na fizaram-potoana iray.

28 Ankehitriny, ilay vehivavy dia naneho ny fiangonana, ary ilay Ankizy izay naterany dia Kristy. Ny volana teo ambanin'ny tongony dia ny lalàna, ny masoandro teo amin'ny lohany dia ny fahasoavana. Ireo kintana roa ambin'ny folo teo amin'ny satroboninahiny dia ireo apostoly roa ambin'ny folo. Ary teo no nisy, teo amin'izay . . . Ireo apostoly roa ambin'ny folo dia ny voninahitra na ny fampisalorana ny Testamenta Vaovao. Hitanareo? "Fa tsy misy fanorenana hafa azo apetraka afa-tsy izay efa napetraka." Hitanareo? Izany, ny Fanorenana, ny—ny Testamenta Vaovao, ireo apostoly, ny Foto-pampianaran'ny apostoly, sy ny sisa, no satroboninahitry ny fanorenana an'ny Testamenta Vaovao. Ary avy eo teo amin'ny . . .

29 Ny volana dia aloka iray an'ny masoandro. Ny masoandro dia mitaratra fotsiny ny hazavany rehefa ao ambadiky ny tany izy. Ary ny volana no manome hazavana, mba handehanana, amin'ny alina. Ary sary tsara tarehy iray toy ny inona no azontsika eto, sary tsara tarehy hafa iray: ny masoandro dia maneho an'i Kristy; ny—ny volana dia maneho ny Fiangonana. Izy ireo dia tahaka ny vady lahy sy vady vavy fotsiny. Ary amin'ny tsy maha-eo an'i Kristy, dia ny Fiangonana no mitaratra an'ilay Hazavana kely, ny Filazantsara. Ary izany—izany ilay Hazavana handehanana mandra-pitsangan'ilay Zanaka indray, amin'izay fotoana izay ilay Fiangonana sy ilay Zanaka, ny volana sy ny masoandro, dia mitsonika miaraka. Hitanareo? Ny volana dia ampahan'ny masoandro, ary ny Fiangonana dia ampahan'i Kristy. Ary mandritry ny tsy maha-eo an'i Kristy, dia mitaratra Ny Hazavany ilay Fiangonana. Ary amin'izay fotoana izay azo antoka tahaka ny ahafahantsika mahita ny volana mamiratra, dia fantany fa mamiratra any ho any ny masoandro. Ary raha mbola mitaratra ny Hazavan'i Kristy foana ilay Fiangonana, dia velona any ho any Kristy. Amena. Eritrereto izany.

30 Ankehitriny, ny lalàna dia tandindon'ny fahasoavana, saingy tsy nanana hery hamonjy ao anatiny ny lalàna. Ny lalàna fotsiny dia ny . . . Polisy iray ny lalàna. Mametraka anareo ao am-ponja ny polisy, saingy, hitanareo, nila ny fahasoavana hamoaka anareo avy ao am-ponja izany. Hitanareo?

31 Noho izany ny Ràn'i Kristy, ny Filazantsara, no manafaka antsika amin'ny fahotana. Ny lalàna dia manao antsika fotsiny ho mpanota. Ny lalàna dia nilaza fotsiny hoe, "Mpanota iray ianao. Aza mangalatra. Aza mijangajanga. Aza mijoro vavolombelona sandoka." Hitanareo? Polisy iray izany izay milaza fa diso ianareo ary meloka. Fa ny Filazantsara dia ireo vaovao tsara. Maty Kristy mba hamonjy antsika amin'ny helotsika rehetra, ny fandikana ny lalàna. Maty Kristy mba hamoaka antsika.

32 Ankehitriny, Paoly, vantany vao niova fo izy, dia tsy
nanontany seminera iray mihitsy, tsy nanontany mpitoriteny
iray koa izy. Fa efa voamarikareo ve? Nandeha nankany Arabia
izy, ary tany nandritry ny telo taona, tany Arabia. Ankehitriny,
ity dia, araka ny hevitro, hoe . . .

33 Ankehitriny, tsy maintsy manana foto-kevitra iray an'ity
isika, mba hahafantarantsika hoe zava-dehibe toy ny ahoana
ilay izy. Ary ny lesona voalohany, izao hariva izao, dia haka ny
foto-kevitra antsika isika.

34 Ankehitriny, Paoly dia tena mpampianatra Baiboly iray,
satria izy dia nampianarina teo ambanin'io Gamaliela lehibe,
malaza nandritry ny fotoana rehetra io. Ary izy no iray amin'ny
tsara indrindra fantatra tamin'ilay andro, io mpampianatra
malaza an'ny lalàna sy ny mpaminany io. Noho izany,
nampianarina tsara tao amin'ireo zavatra ireo i Paoly.

35 Ary noho izany dia tahaka an'izao no itiavako azy, ity
fanambarana lehibe ity, satria nahitsy fo tao am-pony izy,
mpamono olona iray, nanaiky ny fahafatesan'i Stefana ary
nahita an'i Stefana maty teo ambanin'ireo vato sy baingan-
tany satria notoraham-bato ho faty. Heveriko fa tsy maintsy ho
teo akaikin'i Paoly izany rehefa nahita an'i Stefana nanangana
ny tànany nankany An-danitra izy, ka nanao hoe, "Mahita ny
Lanitra misokatra aho. Mahita an'i Jesosy mitsangana eo an-
tànana ankavanan'Andriamanitra aho." Dia hoy izy hoe, "Ray,
aza atao ho fahotan'izy ireo izao." Ary renoky ny tory izy.

36 Efa voamarikareo ve izany? Tsy maty mihitsy izy. Renoky ny
tory izy. Tahaka ny hoe fotsiny . . . Tsy mino aho fa nahatsapa
vato hafa iray izy. Tahaka ny zazakely iray eo an-tratran'ny
reniny fotsiny, renoky ny tory, no naha-renoky ny tory an'i
Stefana teo an-tsandrin'Andriamanitra.

37 Misy zavatra iray, mikasika an'i Paoly, izay tonga teo
akaikiny. Tamin'izay fotoana izay izy, ny olona rehetra eo
ambanin'ny faharesen-dahatra, miezaka miady amin'Izany,
mihazakazaka mankany amin'ilay mpisoronabe izy ary maka
taratasy vitsivitsy. Hoy izy, "Hosamboriko ireo olona rehetra
izay manao an'io tabataba rehetra io, ary ireo mpirehidrehi-
poana ireo;" izay noheverina, izay antsointsika amin'izao andro
izao hoe, karazana "fanatika tafahoatra," na zavatra tahaka
an'izany, manao tabataba betsaka sy miteraka fanakorontanana.
"Handeha any fotsiny izahay ary handamina an'izany."

38 Ary teny amin'ny làlany, tranainy kely iray . . . tsy làlambe
lehibe iray tahaka ny andehanantsika. Fa ireo làlana tany
Palestina ireo, làlan-kely kely fotsiny, tahaka ny làlan-
kelin'ombivavy iray mitety an'ireo ala izay andehanan'ny biby
fiompy, sy ireo ondry, sy ireo soavaly, sy ireo ampondra, ary ireo
rameva, manerana an'ireo havoana.

39 Ary Paoly, teny amin'ny làlany nankany Damaskosy, teo
amin'ny mitataovovonana teo, indray andro, dia nisy Hazavana
lehibe iray namiratra ary nandavo azy tamin'ny tany. Tsy nisy
nahita an'Izany afa-tsy i Paoly. Tiako ianareo hanamarika
an'izany. Ary eto mihitsy, tsy manokana ity ankehitriny, fa mba
hitarika antsika fotsiny ho ao amin'ity foto-kevitra ity. Mba
hahafantaranareo fa io Jesosy tsy miova io . . .

40 Ankehitriny, rehefa teto an-tany Izy, dia hoy Izy
hoe, "Avy tamin'Andriamanitra Aho, ary hiverina ho any
amin'Andriamanitra Aho."

41 Ankehitriny, rehefa nitarika ny zanak'Isiraely Izy, dia Izy no
ilay Andry Afo. Ary tonga nofo Izy, avy eo dia niverina ho io
Andry Afo iray io ihany Izy. Ary rehefa nihaona tamin'i Paoly
Izy teny amin'ny làlana nankany Damaskosy, dia Izy io Andry
Afo io, io Hazavana io, hitanareo, Hazavana lehibe iray. Dia hoy
Paoly hoe, "Iza moa Izany enjehiko izany?"

42 Hoy Izy hoe, "Izaho no Jesosy, Izay enjehinao," ilay
Hazavana. Oh, tsy mahafinaritra ve Izy? [Hoy ny fiangonana hoe,
"Amena."—Mpand.]

43 Ary indro Izy, izao hariva izao, eto mihitsy miaraka
amintsika. Nanana ny Sariny nalaina eo mihitsy, ilay
Zavatra iray ihany, hitanareo, Andry Afo, Hazavana, mitovy
amin'izay naha-izy Azy mihitsy, "Tsy miova omaly, anio, ary
mandrakizay."

44 Ankehitriny ireo lehilahy izay niaraka taminy dia tsy
nahita an'io Hazavana io, nefa teo mihitsy Izany. Ireo vokatra
dia nitovy.

45 Ankehitriny, mety misy ve hoe—hoe afaka mahita an'i Kristy
ny olona iray ato amin'ity tranobe ity nefa misy hafa iray tsy
mahita Azy? Azo antoka. Nitranga izany tany.

46 Nitranga koa izany indray alina rehefa tao an-tranomaizina
i Petera. Ary niditra tao amin'ilay tranomaizina io Hazavana
io, ary nikasika an'i Petera, ka nandalo avy hatrany an'ilay
mpiambina tany anatiny, ilay mpiambina tety ivelany,
nandalo teo amin'ny vavahady, ilay vavahady lehibe, ary
ilay vavahadin'ny tanàna. Hoy i Petera hoe, "Tsy maintsy
ho nanonofy aho." Fa nijery nanodidina izy, saingy lasa
ilay Hazavana; Kristy, io Hazavana Mandrakizay [Eternal],
mandrakizay [everlasting] io. Io Izy. Ankehitriny, teny amin'ny
làlana . . .

47 Ary jereo, zavatra hafa iray, raha hiresaka ny amin'ity
isika, vao tonga tao an-tsaiko mihitsy. Fa ireo olon-kendry
izay nanaraka an'ilay Kintana, hatrany Inde tany, tany Orient,
volana maro, nitety an'ireo lohasaha sy tany efitra (nandalo teo
ambonin'ireo trano fandinihana; ary nanisa ny oran'ny alina
tamin'ny alàlan'ireo kintana izy ireo) nefa tsy nisy mpahay
tantara na olona iray hany nilaza fa nahita an'io Kintana

io afa-tsy ireo olon-kendry. Voatokana ho azy ireo fotsiny ny hahita Azy.

48 Noho izany dia afaka mahita zavatra ianareo izay mety tsy ho hitan'ilay olona hafa. Ho anareo, dia zava-misy iray Izany. Ho azy, dia tsy mahazo izy ireo. Tahaka ny fiovam-po iray fotsiny; afaka ny hiova fo ianareo ary hankasitraka an'ireo fitahian'Andriamanitra, misotro fotsiny—fotsiny an'ireo fitahian'Andriamanitra. Fa ilay olona manaraka, mipetraka eo akaikinareo dia hoe, "Tsy mahita zavatra iray aho." Hitanareo? Hitanareo? Izay ilay izy. "Tsy azoko fotsiny ilay izy. Tsy hitako hoe inona daholo ny mikasika an'izany." Eny, tsy azony fotsiny Izany. Izay ihany. Nefa, ianareo dia mahazo.

49 Mariho ankehitriny, Paoly teny amin'ny làlany. Ary vantany vao nitranga taminy io fahatsapana lehibe io . . . Ankehitriny, tsy afa-po izy . . . Izany no manao an'i Paoly ho tena tsara, ankehitriny.

50 Tsy lalina ny lesontsika izao hariva izao. Lesona marivo iray ilay izy, saingy, oh, hiditra ao amin'ny lalina isika, afaka kelikely. Fa ity dia tena lesona marivo iray, saingy fanombohana fotsiny ilay izy. Ary ilay izy, ilay izy dia zavatra anankiray, izay manandratra an'i Jesosy Kristy. Paoly, mba hanombohana.

51 Ary talohan'ny nanaovany an'ity, dia mpahay Baiboly iray i Paoly. Ary ny mpahay Baiboly iray dia tsy hametraka ny foto-pampianarany eo ambonin'ireo fahatsapana mihitsy. Tsia, tompoko. Tsy hametraka ny foto-pampianarany eo ambonin'ny fahatsapana mihitsy izy ireo. Afaka manana ny karazana fahatsapana rehetra ianareo. Fa ilay izy dia tsy maintsy HOY NY TOMPO HOE. Marina.

52 Ankehitriny, ao amin'ny Testamenta Taloha, dia nanana fomba telo samihafa izy ireo izay ahafahany mahafantatra hafatra iray. Voalohany, ny lalàna, ny lalàna fotsiny izany. Avy eo, izy ireo dia nanana ny—ny mpaminany; mpanonofy iray; ary nanana ny Orima Tomima izy ireo. Ankehitriny dia mety ho lalina kely izany.

53 Ny Orima Tomima dia ilay aron-tratra izay nentin'i Arona teo amin'ny tratrany. Nisy vato roa ambin'ny folo tao anatiny: jaspy, karnelia, karbonkolo, sy ny sisa, manaraka. Nanana an'ireo roa ambin'ny folo rehetra an'ireo vato goavana izy ireo, izay tao anatin'ilay aron-tratra, naneho fa izy no mpisoronabe an'ny foko rehetra, ireo foko roa ambin'ny folo an'ny Isiraely. Io aron-tratra io dia nihantona teo amin'ny andry iray tao anatin'ny fiangonana. Ary rehefa naminany ny mpaminany iray, ka tian'izy ireo ny hanana antoka fa marina izany, na tsia, dia nitsangana teo anoloan'io Orima Tomima io ireo mpaminany na ireo mpanonofy, ary niteny ny nofiny na ny fahitany, na inona na inona hitany. Ary raha ilay Hazavana Masina . . . Oh, hitanareo ve izany? Andriamanitra dia nonina tao anatin'ny

faritra ivelan'ny voajanahary foana. Ilay fampitambarana, ireo jiro hazavana ireo, dia tsotra fotsiny mandra-pivoakan'io feo io. Ary rehefa midona amin'ireo vato ireo ilay feo, raha tsy ivelan'ny voajanahary ilay izy, dia mijanona mandry izy. Fa raha ivelan'ny voajanahary ilay izy, dia nitaratra lokon'avana miaraka ireo Hazavana rehetra ireo. Amena. Amin'izay fotoana izay, dia Andriamanitra no niteny hoe, "Mpaminaniko io." Na, "Avy Tamiko io nofy io." Araka ny Orima Tomima no nitsaran'izy ireo.

54 Tsaroanareo ve i Saoly rehefa niverin-dàlana izy? Nilaza izy fa tsy afaka nahazo nofy iray. Ary ilay mpaminany, Samoela, dia maty, ka tsy nisy fomba intsony. Hoy izy hoe, "Na dia ny Orima aza dia tsy miteny amiko akory." Tsy nisy na inona na inona. Nitsangana teo anoloan'ilay Orima i Saoly, fa fandònana maty ireo teniny. Hitanareo? Nolavin'Andriamanitra fotsiny izy. Ary io Orima Tomima io, io no fanamarinan'i Arona ny asam-pisoronany. Rehefa lasa i Arona, Mosesy, ilay—ilay takelaka dia nihantona teo amin'ny andry.

55 Ankehitriny, nitsahatra ny asam-pisoronana Aronika rehefa maty Jesosy. Ary ankehitriny, eo am-panavahana ny lalàna amin'ny fahasoavana, dia mbola manana Orima Tomima iray foana isika. Ary nampiasa an'Izany i Paoly. Hitanareo? Ny Orima Tomima amin'izao andro izao dia ny Tenin'Andriamanitra Tsy mety maty, Mandrakizay [Eternal], mandrakizay [everlasting]. Hitanareo?

56 "Fa na iza na iza no hanaisotra zavatra iray amin'ity Boky ity, na hanampy zavatra iray amin'Izany." Tsy mila na inona na inona ankoatran'Izany aho, fa mila ny rehetra izay Ananany. Izany no Fiangonana ilaintsika. Ary ny zavatra rehetra dia tsy maintsy voaporofon'ny Teny.

57 Izany no antony naha-ratsy fandray ahy teo anivon'ireo vahoaka Pentekotista, satria, nilaza hoe, "Tsy nety azoko hoe ny diloilo mikoriana avy ao amin'ny tànanareo, na ny rà mivoaka avy amin'ny tarehinareo, no famantarana iray fa nanana ny Fanahy Masina ianareo." Tsy ara-tSoratra izany ary izaho—tsy afaka naka an'izany mihitsy aho. Tsy maintsy avy amin'ny Teny ilay izy.

58 Ary ankehitriny, Paoly, tia ny Teny fotsiny izy. Noho izany, talohan'ny hany nijoroany vavolombelona ny amin'ity fahatsapana lehibe izay nananany ity, dia nandeha nankany Egypta nandritry ny telo taona izy. Mino aho fa telo taona ilay izy, telo taona tany Egypta. Ary fantatrareo ve hoe inona no inoako fa nataony? Mino aho fa naka ny Testamenta Taloha izy, ary nikaroka nanerana ny Testamenta Taloha, ka nahita fa ilay Mesia tanteraka marina tokoa Io. Tsy maintsy nanaporofo ny fahatsapany tamin'ny alàlan'ny Baiboly izy. Amena. Oh, oadray!

59 Jereo izy rehefa tao an-tranomaizina. Raha mahamarika ianareo, dia nisy ny—ny ampaham-piainan'i Paoly izay naha-

tao an-tranomaizina azy tany nandritry ny ela be. Nanoratra ny Bokin'ny Efesiana izy. Nanoratra an'ity Epistilin'ny Hebreo ity izy. Hitanareo? Nanana fotoana izy. Nametraka azy lavitra tao anatin'ny tranomaizina iray Andriamanitra, ka nanoratra an'ireo Epistily ireo ho an'ny fiangonana izy. Ny anankiray ho an'ny fiangonan'i Efesosy. Nanoratra anankiray ho an'ny fiangonana Pentekotista izy, izay nanana olana betsaka teo amin'izy ireo. Ny fiangonana Pentekotista no nananany olana betsaka noho ny olon-kafa. Mbola manana foana izy. Saingy nankasitraka azy ireo izy. Ny zavatra tokana izay azony nampianarina azy ireo . . . Rehefa niditra izy ireo: ny anankiray nanana fiteny tamin'ny fiteny tsy fantatra, ny anankiray nanana salamo, ny anankiray nanana fahatsapana, ny anankiray nanana fihetseham-po. Tsy afaka niresaka izy, niteny tamin'izy ireo hoe, "fiarovana Mandrakizay." Tsy afaka niteny tamin'izy ireo izy hoe, "fifidianana mialoha." Tsy afaka niresaka tamin'izy ireo izy, zazakely izy ireo. Izy rehetra dia tsy maintsy—tsy maintsy nahatsapa zavatra, na nahita zavatra, na nanana fihetseham-po hafahafa, ary, na zavatra nanodidina azy ireo, porofo sasantsasany.

60 Saingy mino aho, fa rehefa niresaka tamin'ireo Efesiana izy, dia afaka niresaka ny amin'ny hoe, "Andriamanitra dia nifidy antsika mialoha ho zanakalahy sy zanakavavy, ary nanangana antsika ho zanaka tao amin'i Jesosy Kristy talohan'ny fanorenana an'izao tontolo izao." Jereo izany. Oadray!

61 Diniho izy manomboka ao amin'ny Bokin'ny Romana, sy ny sisa. Olon-dehibe izy ireo. Oh, niteny tamin'ny fiteny tsy fantatra izy ireo, azo antoka, ary nanana an'ireo famantarana hafa an'ny Fanahy Masina teo anivon'izy ireo. Saingy tsy nanao foto-pampianarana izy ireo, sy fahatsapana, sy fangovitana kely, ary fihetseham-po hafahafa.

62 Hoy i Paoly hoe, "Ianareo—ianareo—lasa lavitra loatra ianareo miaraka amin'izany. Nefa tokony ho mpampianatra ianareo, mbola zazakely foana ianareo ka mila mahazo ronono."

63 Ankehitriny, izany foana no noezahako notohanana haha-izy an'ity tabernakla ity, tsy andiana zazakely. Aoka isika ho olon-dehibe. Mijoroa eo amin'ny làlana. Oh, oadray! Eo ianareo izao.

64 Noho izany, nandeha tany i Paoly, aloha, mba hahita raha nitovy tamin'ny Baibolin'Andriamanitra ny fahatsapany.

65 Oh, tsy hahafinaritra ve izany, amin'izao andro izao, raha nanao an'izany fotsiny indray ny olona, raha nanao ny fahatsapantsika hitovy amin'ny Baibolin'Andriamanitra isika? Raha tsy izany ilay izy, amin'izay fotoana izay dia diso ny fahatsapantsika; tsy mipiapiaka ao amin'ilay Orima Tomima izany. Raha mipiapiaka Ao izany, amena, dia fantaro fa manana Azy ianareo. Fa raha tsy izany ilay izy, sasany . . . tsy ahoako na

toa tsara toy ny ahoana ilay izy, toa tena misy toy ny ahoana ny maha-marina azy; raha tsy mipiapiaka eo amin'io Orima Tomima io izany, dia diso ilay izy.

66 Ary tsy mampaninona na fahatsapana firy no nanananareo, toa tena misy toy ny ahoana ilay izy, marina toy ny ahoana ilay izy, ara-pianarana toy ny ahoana ilay izy, fitaovana lehibe hahazoana fanahy toy ny inona ilay izy; raha tsy mipiapiaka eo amin'ny Teny izany, dia diso ilay izy. Marina. Tsy maintsy mifanitsy amin'ny Teny izany.

67 Ankehitriny, izaho dia mino ny . . . misy ny afovoan-dàlana. Ny làlana, ankehitriny, matetika . . . Nandeha tany amin'ny fiangonana Nazareana iray aho taloha. Ny Tompo anie hitahy an'ireo vahoaka malala ireo. Metodista tamin'ny fanao fahiny, nohamasinina izy ireo; fiangonan'Andriamanitra, Nazareana, Mpivahinin'ny Fahamasinana, ary maro amin'ireo fiangonan'ny fahamasinana tsara fahiny. Ary nihira hira iray izy ireo taloha hoe:

> Mandeha eo amin'ilay làlambe tranainy lehibe aho,
> Miteny na aiza na aiza alehako hoe,
> Aleoko ho Kristiana iray an'ny andro fahiny, Tompo,
> Toy izay ny zavatra rehetra izay fantatro.

68 Tsara. Mahafinaritra. Ary avy eo dia niresaka mikasika an'ilay làlamben'ny fahamasinana izy ireo taloha. Ankehitriny, raha mamaky an'izany ianareo, maka an'izany avy ao amin'ny Isaia izy ireo, ny toko faha-35. Ankehitriny, raha mahamarika ianareo, dia hoy izy hoe, "Hisy làlambe iray, *sy* làlana iray."

69 Ankehitriny, *sy* dia fanohizan-teny iray. Hitanareo? Làlambe iray, tsy làlamben'ny fahamasinana iray izany. "Hisy làlambe iray, *sy* làlana iray, ary izany dia hantsoina hoe, 'Ny làlan'ny fahamasinana,'" tsy làlamben'ny fahamasinana. "Ny làlan'ny fahamasinana!" Ary ny làlan'ny làlana dia eo afovoan'ilay làlana. Izany dia naorina tahaka an'*izao* mba hanasan'ireo rano an'ilay loto, mankany amin'ireo lafiny roa, mihazona an'ilay làlana hadio. Raha tsy izany ianareo, dia hanana rano miangona mijanona eo amin'ny làlanareo, isan'andro, raha tsy voaorina tsara ilay izy. "Ny làlana" dia eo afovoan'ilay làlana.

70 Ankehitriny, eo amin'*ity* ilany ity, rehefa niova fo ny olona, dia mifantoka tsara eo amin'i Kristy ny sainy. Ary raha nianatra kely fotsiny izy ireo, ka tsy mijanona eo ambanin'ny vavaka, dia ho lasa mangatsiaka izy ireo, sy henjana, sy madity, ary tsy miraika. Ary avy eo raha mikorontan-tsaina kely fotsiny izy ireo, raha tsy mitandrina ianareo, dia ho lasa mpanara-pototra sy tsy mahafehy tena izy ireo, eto amin'*ity* ilany ity, hitanareo, hitsofoka ao amin'ny fahatsapana sy ny zavatra rehetra izy ireo.

71 Ankehitriny, fa, ny tena Fiangonana dia Filazantsara tena madio iray, eo afovoan'ilay làlana mihitsy. Tsy mangatsiaka sy madity izany, tsy fanatisma koa. Izany dia tena Filazantsara tsara, tranainy, mafana, fitiavana an'Andriamanitra latsa-paka ao am-po, mandeha avy hatrany eo afovoan'ilay làlana, miantso avy amin'ireo ilany roa. Marina izany. Ankehitriny izany no . . . Ary ahoana no hahazoanareo an'izany Fiangonana izany? Avy amin'ny Teny avy hatrany, ilay Orima Tomima.

72 Ankehitriny, nila nitondra an'ity fiangonana ity ho eo afovoan'ilay làlana avy hatrany i Paoly, noho izany dia lasa izy ary nianatra telo taona teo amin'ny Soratra izay fantany. Noho izany, dia i Paoly no nanoratra ny ampahany goavana indrindra an'ity Testamenta Vaovao ity. Andriamanitra no nampanao azy an'izany satria ho tonga ny taonan'ny Jentilisa iray. Matio, Marka, Lioka, ary Jaona, ireo Filazantsara efatra, Jiosy izy ireo. Fa i Paoly no nanoratra ny ankamaroan'ireo epistily.

73 Mariho ankehitriny, ankehitriny, hanomboka haka an'ity foto-kevitra ity isika ankehitriny, izay misy azy, nanoratra an'Izany, tao amin'ny tranomaizina. Ary nanana an'io fahatsapana rehetra io izy. Fa, voalohany, voaporofo aloha io fahatsapana io, ary ity no epistiliny fototra. Ity no epistiliny fototra. Ny Romana sy ny Efesiana, sy ny sisa, dia manana ny toerany, saingy ity no epistily fototra.

74 Ankehitriny, ny toko faha-1 manontolo, dia, fanandratana an'i Jesosy, ary manavaka Azy amin'ny mpaminany iray. Izany ilay foto-kevitra manontolo ankehitriny. Hiezaka aho ny ho tonga eo amin'izany haingana arak'izay vitako ankehitriny, mba tsy hijanonantsika ela loatra. Ilay foto-kevitra manontolo, dia, manavaka an'ilay vaovao tok- . . . vaovao . . . Ny toko faha-1, dia, manavaka an'i Jesosy amin'ny mpaminany rehetra, na ny lalàna rehetra, na ny sisa, ary maneho hoe Iza moa Jesosy. Jereo ankehitriny, "Andriamanitra." Manomboka isika, ny teny voalohany hoe, "Andriamanitra."

> *Andriamanitra,* tamin'ny sam- . . . *izay tamin'ny fotoana samihafa* . . .
>
> *Samihafa* dia midika hoe "efa ela," fotoana tany aoriana.
>
> . . . *fotoana samihafa sy tamin'ny fanao samihafa dia niteny tamin'*ny *lasa tamin'ireo razana tamin'ny alàlan'ireo mpaminany,*

75 Ankehitriny, hitanareo, "Andriamanitra, tamin'ny fotoana samihafa, efa ela, dia niteny tamin'ireo razana Izy tamin'ny alàlan'ireo mpaminany." Tahaka an'izany no tsy maintsy Nanomezany Ny Hafany, tamin'ny alàlan'ny Mpaminaniny.

76 Nandefa ny Mpaminaniny Andriamanitra ohatra i Elia, Jeremia, Isaia. Ary raha hahamarika ianareo, tsy nisy mihitsy tao amin'ny tantaran'izao tontolo izao, fiangonana namokatra mpaminany iray. Zahao izany ao amin'ny Testamenta Taloha,

Testamenta Vaovao, na amin'izao andro izao, amin'ny andro any aoriana. Anehoy mpaminany iray aho izay hany nipoitra avy tao amin'ny fiangonana amin'ny andro farany. Anehoy anankiray aho izay hany tonga, nivoaka. Ary anehoy indray mandeha aho fa ny mpaminany iray, tena mpanompon'Andriamanitra iray, ka tsy nanameloka azy ilay rafitra ara-pivavahan'izao tontolo izao.

77 Eritrereto fotsiny izany. Jeremia, Isaia, ny rehetra manerana ny Testamenta Taloha, nomelohin'izy ireo izany. Hoy Jesosy hoe, "Manaingo ny fasan'ireo mpaminany ianareo ary manao azy ireny ho fotsy, nefa ianareo no nanao azy ireo tao." Marina izany.

78 Manohy an'izany ny fiangonana. Jereo i Masindahy Patrick. Mitaky azy ianareo vahoaka Katolika. Tsy Katolika intsony noho izaho izy. Marina izany. Saingy ianareo no mitaky azy.

79 Jereo i Masindahy François d'Assise. Mitaky azy. Tsy Katolika intsony noho izaho izy.

80 Jereo i Jeanne d'Arc. Ianareo no nandoro azy teo amin'ny tsato-kazo iray, toy ny mpamosavy iray, satria nahita fahitana izy ary ara-panahy. Nandoro azy teo amin'ny tsato-kazo iray. Ary niantsoantso famindrampo io vehivavy io, fa nodoran'izy ireo teo amin'ny tsato-kazo iray izy. Teo amin'ny zato taona taty aoriana, dia hitan'izy ireo fa mpaminanivavy iray izy. Mpanompon'Andriamanitra iray izy. Oh, mazava ho azy, fa nahavita sazy goavana iray ianareo: nangadianareo ny vatan'ireo pretra ary natsipinareo tany anatin'ny renirano izy ireny.

81 "Manaingo ny fasan'ireo mpaminany ianareo, nefa ianareo no nanao azy ireo tao." Marina. Tsy namokatra lehilahin'Andriamanitra iray mihitsy ny rafitra ara-pivavahana; tsy namokatra mihitsy, tsy mamokatra amin'izao andro izao, ary tsy hamokatra mihitsy. Tsy foto-kevitr'Andriamanitra mihitsy ny fivavahana voarafitra.

82 Ny fiangonana voarafitra tranainy indrindra eto amin'izao tontolo izao dia ny fiangonana Katolika; Luther, no faharoa; avy eo dia tonga i Zwingli; taorian'i Zwingli, dia tonga i Calvin; Calvin, nitohy, ny Anglikana, ireo Anglo-Saxons no nisolo, avy eo ny fiangonana Anglikana; ary ny Mpanjaka Henry ilay Fahavalo, rehefa nanohitra izy, sy ny sisa; ary nanohy hatrany amin'ny Metodistan'i Wesley, sy Nazareana, Mpivahinin'ny Fahamasinana; ary mitohy midina hatrany amin'ilay farany, dia ny Pentekotista, voarafitra izy rehetra. Ary ny Baiboly dia mampianatra mazava fa ny fiangonana Katolika dia—dia vehivavy ratsy laza iray, ary ireo fiangonana Protestanta sy ireo rafi-pandaminany no zananivavy, Apokalypsy 17. Tena marina tokoa izany. Noho izany izy ireo dia . . .

83 Tsy ireo olona, ankehitriny. Misy tsara ao anatin'ireo fiangonana rehetra ireo; olona masina, voavonjy. Fa Andriamanitra dia tsy miantso ny Olony amin'ny alàlan'ny rafi-pandaminana iray. Miantso azy ireo amin'ny maha-

isam-batan'olona Izy. Mifanaraka amin'ny isam-batan'olona Andriamanitra, na Metodista ianareo, Batista, Protestanta, sy Katolika, na inona ianareo. Andriamanitra, talohan'ny fanorenana an'izao tontolo izao, dia efa nahafantatra anareo, ary nifidy anareo mialoha ho amin'ny Fiainana Mandrakizay, raha tsy izany dia voafidy mialoha ho amin'ny fahaverezana Mandrakizay ianareo. Tsy . . .

84 Tsy Sitrany ny tsy maintsy hahalevona anareo, hahalevona anareo. Saingy, satria tsy manam-petra Izy, dia tsy maintsy efa Fantany ny farany hatrany amin'ny voalohany, raha tsy izany dia tsy Andriamanitra Izy. Noho izany dia tsy tonga teto antany mihitsy Jesosy hilaza fotsiny hoe, "Eny, ho Hitako raha misy olona iray hamindra fo . . . Raha mihetsika Aho ka maty, ao amin'ny fomba sarotra iray, dia hihevitra angamba izy ireo hoe, 'Eny, Izaho . . . ' Izany dia—handresy lahatra ny fon'izy ireo izany, ary izy ireo dia . . . " Tsy manao ny Asany tahaka an'izany Andriamanitra.

85 Tonga ho an'ny antony iray manokana Jesosy, izany dia, ny hamonjy an'ireo izay fantatr'Andriamanitra, talohan'ny fanorenana an'izao tontolo izao, fa ho voavonjy. Izy no niteny an'izany. Marina izany. Noho izany ianareo dia . . . "Tsy izay maniry, na izay mihazakazaka; fa Andriamanitra izay maneho famindrampo." Paoly no nilaza an'izany. Ilay lehilahy iray eto ihany.

86 Hoy izy hoe, "Izany no antony nahafahan'Andriamanitra nilaza, talohan'ny nahaterahan'ny iray tamin'i Esao na Jakoba, hoy Izy hoe, 'Tiako ny anankiray ary halako ilay iray hafa.'" Talohan'ny nahaterahan'ny iray tamin'ny zazalahy, dia efa fantatr'Andriamanitra fa mpisoloky iray i Esao, ary Fantany fa Jakoba dia . . . tia ny fizokiany izy. Noho izany dia Fantany, talohan'ny hany nanaovana an'izao tontolo izao, ny mikasika an'izany. Ankehitriny, ho hitantsika afaka iray minitra hoe Iza io nahafantatra an'izany io. Manana an'izany ity toko ity.

> Andriamanitra, . . . tamin'ny fotoana *samihafa sy tamin'ny* fanao *samihafa dia* niresaka . . . tamin'*ireo razana tamin'ny alàlan'ireo mpaminany,*
>
> *Niresaka tamintsika amin'izao andro farany izao tamin'ny alàlan'ny Zanany, . . .*

Nanao inona? "Niresaka tamintsika amin'izao andro farany izao tamin'ny alàlan'Ny Zanany."

87 Ankehitriny, ahoana no hiheveranareo arak'izany, hoe, ho inona ny mpaminany iray? Hanana mpaminany iray an'ity andro ity ve isika arak'izany? Izany tokoa. Hiresaka amintsika ve Izy? Azo antoka. Fa izay . . . Ireo mpaminanin'ny andro fahiny no Fanahin'i Jesosy Kristy.

88 Ankehitriny, ndao isika hanao an'izany hahitsy, satria tsy mihevitra aho fa milentika tsara ilay izy. Ankehitriny, tahaka

ny Sekoly Alahady fotsiny ity, noho izany dia tiantsika ny hanao azy ho mazava. Hitanareo?

89 Mariho. Ndao alaintsika ny Fanahin'Andriamanitra izay tao amin'i Mosesy, tanteraka tokoa ny . . . dia aloka mialoha an'i Jesosy Kristy. Ny olon'ny Testamenta Taloha rehetra dia nanao aloka mialoha ny hazo fijaliana. Mosesy, teraka ho zaza tsara, nafenina tao anatin'ny alan-jozoro, nesorina tamin'ireo raiamandreniny, sy ny sisa, ary dia . . . Mpanjaka iray izy, na mpi—mpitarika iray, mpanome-lalàna, mpanelanelana, mpisorona. Ny zavatra rehetra naha-izy azy dia nanao aloka mialoha an'i Kristy.

90 Jereo i Josefa, tian'ny rainy, nankahalain'ny rahalahiny, ary namidy saiky tamin'ny volafotsy madinika telopolo. Natsipy tao anaty lavaka iray, noheverina ho maty; navoaka. Tao anatin'ny fanenjehany, mpitondra kapoaka voavonjy, ary mpivaro-kena very; ireo mpangalatra roa teo amin'ny hazo fijaliana. Ary avy eo rehefa nivoaka izy, dia nivoaka avy tao amin'io lavaka io, ary napetraka teo an-tànana ankavanan'i Farao, ilay mpivarotra goavana indrindra . . . ilay—ilay—ilay firenena izay nikapoka ny sisa rehetra tamin'izao tontolo izao. Ary tsy nisy olona afaka nanatona an'i Farao raha tsy nandalo tamin'i Josefa izy ireo; Jesosy mipetraka eo an-tànana ankavanan'Andriamanitra, ary tsy misy olona afaka manatona an'Andriamanitra raha tsy mandalo amin'i Kristy. Ary rehefa niala teo amin'io seza fiandrianana io i Josefa ka nanomboka nivoaka, dia nisy lehilahy nandeha teo alohany, niantsoantso ary nitsoka trompetra, nampaneno ny trompetra, nanao hoe, "Mandohaleha! Tamy i Josefa."

91 Ary rehefa tonga Jesosy, dia haneno ny trompetra iray, ka ny lohalika rehetra handohalika, ary ny lela rehetra hiaiky. Eny, tompoko. Izany Izy.

92 Ary rehefa maty i Josefa, dia namela tsangambato iray izy ho an'ireo izay miandry fanafahana.

93 Nametraka ny tànako teo amin'ilay vatam-paty tranainy aho, teto vao tsy ela akory izay, vita tamin'ny firaka izy. Ary ny vatany dia natao hijanona . . . ireo taolany . . . Hoy izy, "Aza alevina eto aho, satria indray andro any, dia hamangy anareo Andriamanitra." Mpaminany iray izy. "Hamangy anareo Andriamanitra." Ary hoy izy, "Rehefa mandeha mankany amin'ilay tany nampanantenaina ianareo, dia ento ireo taolako."

94 Ny Hebreo fahiny rehetra, niaraka tamin'ny lamosina iray voakapoka sy nandeha rà, dia afaka nijery teo amin'io vatam-paty io ka nanao hoe, "Indray andro any, dia hivoaka izahay."

95 Namela tsangambato iray Jesosy, fasana foana iray. Indray andro any isika rehefa handeha hankany amin'ny fasana, sy ireo malalantsika, dia handre an'ireo bainga-tany kely isika, rehefa hilaza izy ireo hoe, "Ny lavenona ho amin'ny lavenona,

ny vovoka ho amin'ny vovoka, ary ny tany ho amin'ny tany." Fa, rahalahy, afaka mijery any ampitan'ilay ranomasina isika, eo amin'ny fasana foana iray. Indray andro any, dia hiala eto isika. Handeha any an-Trano isika. Ho avy Izy. Ny zavatra rehetra dia natao tandindona.

96 Jereo i Davida, nolavin'ny vahoakany manokana, naongan'ny vahoakany manokana. Satria mpanjaka iray an'i Jerosalema, dia noroahin'ny vahoakany manokana hiala tao Jerosalema. Ary raha niakatra teo amin'ny Tendrombohitra Oliva izy, dia nitodika ary nitomany. Nolavina izy.

97 Valon-jato taona taorian'izany, ilay Zanak'i Davida, Mpanjakan'i Jerosalema, dia nipetraka teo amin'ny havoana iray ary nitomany, satria nolavina Izy.

98 Izany no Fanahin'i Kristy tao amin'i Davida. Ny rehetra dia nanao aloka mialoha ny hazo fijaliana. Ireo mpaminany tany aoriana ireo dia niteny tamin'Ny Anarany. Niaina tamin'Ny Anarany izy ireo. Nihetsika tamin'Ny Anarany izy ireo. Azo antoka. "Andriamanitra tamin'ny andro samihafa sy fanao samihafa dia niteny tamin'ireo razana tamin'ny alàlan'ireo mpaminany, fa amin'izao andro farany izao dia amin'ny alàlan'Ny Zanany."

99 Noho izany ireo mpaminany sy ireo lehilahy ara-panahy, amin'izao andro izao, dia taratr'i Kristy fotsiny ihany. Tany, tamin'ny alàlan'ny lalàna no nitsanganan'izy ireo, nijereny. Eto dia mitsangana izy ireo, mitodika amin'ilay làlana hafa, amin'ny alàlan'ny fahasoavana.

100 Fa ao amin'ny Hebreo 11, ilay toko farany, dia mazàna aho no manontany an'izany. Ao amin'ilay toko farany, ilay ampahany farany an'ny toko faha-11-n'ny Hebreo, rehefa miresaka mikasika an'i Abrahama izy. Ilay toko lehibe an'ny finoana, ary eo amin'ny farany, dia hoy izy hoe, "Nirenireny tao anatin'ny hoditr'ondry sy hoditr'osy izy ireo, ary efa lao, ary notsofaina nisaraka. Nirenireny izy ireo, tsy nisy toerana haleha, nankahalaina, sy nohamavoina, ary nenjehina. Ho azy ireo, dia tsy mendrika ho an'izany karazan'olona izany ity izao tontolo izao ity."

101 Noho izany dia nitsangana i Paoly ka nanao hoe, "Fa raha tsy misy antsika dia tsy tanteraka izy ireo." Satria nijery fotsiny *nankany* amin'ny hazo fijaliana izy ireo, fa isika mijery amin'ny *alàlan'*ny hazo fijaliana. Manana ny Fanahin'i Kristy isika rehefa lasa nofon'olombelona Izany ka nonina teo anivontsika. Tonga eto isika amin'ny alàlan'ny Fanahy Masina, izay planina iray tsara lavitra.

102 Ary matetika aho dia manontany hoe inona no antenain'ny Kristianisma amin'izao andro izao. Ny mpitory teny iray izay tonga ao amin'ny tanàna iray dia tsy maintsy ho . . . na fiangonana vaovao iray na andraikitra vaovao iray, izay miantso

ny tenany ho mpaminany iray, dia miakatra eo, manao hoe, "Eny, raha hanome ahy vola betsaka toy izao izy ireo. Raha afaka hahazo an'ilay fiara tsara indrindra aho. Raha izy ireo no . . . Raha hakarina isaky ny enim-bolana ny karamako."

103 Tsy maintsy manana an'ilay tsara indrindra isika. Tsy maintsy manana an'ireo trano tsara indrindra isika. Tsy maintsy manana an'ireo akanjo tsara indrindra isika. Inona no hataontsika rehefa mitsangana eo amin'ny fanatrehan'ireo olona izay nirenireny ireo isika, tao anatin'ny hoditr'osy sy hoditr'ondry, tsy nisy toerana hametrahana ny lohany, nirenireny tany an-tany efitra? Ary raha misy olona maneso antsika dia vonona ny hiala amin'ny fiangonana isika ary tsy miverina intsony. Ny takian'ny Kristianisma amin'izao andro izao. Tokony ho menatra ny tenantsika isika.

O Andriamanitra, mamindrà fo aminay.

104 Tamin'izany andro izany, dia niteny tamin'ny alàlan'ireo mpaminany Izy, fa amin'izao andro izao dia amin'ny alàlan'Ny Zanany. Izany no tenin'ny mpaminany iray, teo. Ity no Tenin'ilay Zanaka, amin'izao andro izao. Oh, isaorana anie ny Anaran'ny Tompo!

105 Amin'ny teny hafa, raha mijery an'ilay aloka ianareo, ilay negatifa, dia mety hanao fahadisoana iray ianareo. Fa Ity dia voasasa, mazava ilay sary. Itsy dia tamin'ny alàlan'ireo mpaminany; ity dia tamin'ny alàlan'Ny Zanany. Itsy dia tamin'ny alàlan'ny negatifa iray; ity dia amin'ny alàlan'ny positifa iray. Amena. Hitanareo ve ilay izy? Tsy misy anjara hahavery. Zavatra pozitfa iray izany, amin'izao andro izao dia amin'ny alàlan'Ny Zanany. Oh, mahafinaritra toy ny ahoana!

. . . *izay* efa *notendreny ho mpandova* . . . (oh, oadray) . . . *mpandova ny zavatra rehetra,* . . .

106 Inona izany? Fanendrena iray izany. Oh, henoy. Izy dia voatendry, Kristy izany, handova ny zavatra rehetra. Oh, fantatry ny devoly izany, hatrany amin'ny sahan'i Edena, hitanareo, rehefa nandre an'io Teny io ny devoly tany tamin'izany andro izany, tao amin'ny fitsarana an'ireo olona ireo. Hoy Izy, "Satria avy tamin'ny vovoka ianao; dia hiverina amin'ny vovoka; ary ny Taranaky ny vehivavy no hanorotoro ny lohan'ny menarana." Taranaka iray nampanantenaina.

107 Nitily an'io Taranaka io tsy ankitsahatra i Satana. Rehefa teraka i Abela, dia hoy izy hoe, "Eo ianao izao, io ilay taranaka." Dia novonoiny i Abela. Ny zanany, Kaina, no namono an'i Abela. Ary vantany vao maty i Abela, dia hoy izy hoe, "Azoko ilay taranaka." Novonoiny izy. Hoy izy hoe, "Azoko izy." Saingy, ny fahafatesan'i Abela, ny fahaterahan'i Seta no fitsanganana indray. Diniho hoe ahoana no nidinan'izy ireo.

108 Io taranak'i Seta io, nidina izy, olona manetry tena, marina; nidina hatrany amin'i Enoka; nitohy nidina hatrany amin'i Noa, hatrany amin'ny faran'ilay faharavàna talohan'ny safo-drano.

109 Jereo ny taranak'i Kaina, lasa olona manan-tsaina, nianatra, siansa. Tsy milaza ve ny Baiboly . . . Tsy nilaza ve Jesosy, fa, "Ny zanak'izao tontolo izao dia hendry kokoa noho ny Zanaky ny Fanjakana"? Jereo ilay lafiny an'i Kaina na dia amin'izao andro izao aza: manan-tsaina, nianatra, mpisalasala, tena mpivavaka; hitanareo, tena mpivavaka, saingy siantifika, mpanorina, lehilahy malaza.

110 Raiso ireo lehilahy malaza. Jereo i Thomas Edison, ireo lehilahy malaza maro. Jereo i Einstein, ilay atidohan'izao tontolo izao, mody-antsoina, amin'izao andro izao, ilay atidohan'izao tontolo izao. Fa tsy miezaka mampiasa atidoha isika. Mamela an'ilay Fisainana izay tao amin'i Kristy ho ao anatintsika isika, ary mijery an'ity Teny ity, ka miantso azy tahaka an'izany.

111 Ireo dokotera mpitsabo, na dia miarahaba azy ireo amin'izay rehetra ananantsika aza isika, saingy ny ankamaroan'izy ireo dia mpisalasala, agnostika. Jereo ireo olona manan-tsaina sy mahay amin'izao andro izao. Eo amin'io lafiny eo io izy ireo, ilay lafin'i Kaina.

112 Fa jereo ilay manetry tena sy malemy fanahy. Io ilay fitsangananareo indray. Oh, isaorana anie ny Anaran'ny Tompo. Eo ianareo izao. Mariho.

> . . . izy no nanao azy *ho mpandova ny zavatra rehetra, tamin'ny alàlany ihany koa no nanaovany an'izao tontolo izao;*

Iza no nanao an'izao tontolo izao? Kristy. "Kristy ve no nanao an'izao tontolo izao?" Eny, tompoko. Ndao isika handeha lavidavitra kely fotsiny.

> *Izay amin'ny maha-famirapiratan'ny voninahiny, sy endriky ny* fanatrehany, . . .

Ny famirapiratan'ny voninahitr'Iza? Voninahitr'Andriamanitra. Ny fanehoana ny endriky ny Fanatrehan'Iza? An'Andriamanitra. Oh, tiako ity!

> . . . na *fanehoana ny endriky ny tenany, ary mihazona ny zavatra rehetra amin'ny teny* . . .

Eo ianareo izao. Ny Teny, izay mihazona ny zavatra rehetra. Hoy Jesosy, ao amin'ny Matio 24 hoe, "Ny lanitra sy ny tany ho levona, fa Ny Teniko tsy ho levona mihitsy." Izy no mihazona ny zavatra rehetra.

113 Miezaka ny manambany an'Izany ny siansa, ka manao hoe, "Boky tranainy iray Izany. Voadika Izany."

114 Na dia ny fiangonana Katolika Romana aza, ny Eveka Sheen dia nanao hoe, "Izany dia voadika in-efatra na in-dimy

samihafa, ka tsy azo iankinana loatra Izany. Tsy afaka hiaina amin'Izany ianareo raha tsy maintsy." Saingy Izy no mihazona ny zavatra rehetra amin'ny alàlan'Ny Teniny. Amena. Izany no heveriko mikasika Azy. Mino ny Baiboly aho.

> . . . *ny tenin'ny heriny,* (misy hery ao amin'ny Teny), *rehefa nanadio ny fahotantsika tamin'ny alàlan'ny tenany izy,* . . . (jereo eto) . . . nipetraka *teo an-tànana ankavanan'ny Lehibe any amin'ny avo;*

115 Inona no ezahan'i Paoly hatao? Miezaka ny maneho izy fa Andriamanitra no nametraka ny zavatra rehetra tao amin'i Kristy, ary Kristy no fanehoana ny endrik'Andriamanitra. Ny sisa manontolo amin'ny toko dia mampiseho hoe ahoana fa Izy dia ambony kokoa noho ny Anjely, ambony kokoa noho ny hery rehetra. Nanompo Azy ireo Anjely. Niezaka ny nanandratra Azy i Paoly.

116 Ankehitriny, dia te-hiezaka aho . . . Raha tsy mandeha lavitra ankoatran'ity aho, ny sisa amin'izany dia manandratra an'i Kristy fotsiny. Ny lazain'i Paoly eto, tahaka ny ao amin'ny andininy faha-11, ary ny rehetra dia saiky miresaka mikasika an'izao tontolo izao. Hoy izy hoe, "Iza—Anjely iza no mba Nilazany hoe, 'Ianao No Zanako, Izaho no niteraka Anao androany'?" Hitanareo?

117 "Amin'ny fiafaran'izao tontolo izao, dia ho levona izy ireo. Ho levona izao tontolo izao. Fa ny . . . Ary ho levona ny zavatra rehetra an'izao tontolo izao. Hahorony tahaka ny akanjo iray izy ireo. Ho antitra izy ireo, sy hivadika, ary ho levona. 'Fa Ianao no maharitra. Ianao no maharitra mandrakizay. Ianao No Zanako. Izaho no niteraka Anao androany, ka tsy ho levona mihitsy, mipetraka eo an-tànana ankavanan'ny Lehibe.'"

Inona no dikan'ny hoe *tànana ankavanana*? Tsy hoe, manana tànana ankavanana iray Andriamanitra ka misy olona iray mipetraka eo ambonin'izany. *Tànana ankavanana* dia midika hoe ny "hery sy fahefana," manana ny fahefana amin'ny zavatra rehetra amin'ny Lanitra sy ny tany. Ary Izy no nanao ny Lanitra sy ny tany rehetra.

118 Ankehitriny, Iza ity Zalahy lehibe ity, ity Olona lehibe ity, Kristy? Eto, Andriamanitra ao amin'ny Ray, Zanaka, ary Fanahy Masina, izany dia tsy . . . Izany dia trinite iray, saingy tsy triniten'olona iray Izany. Izany dia triniten'ny asa, an'Andriamanitra anankiray.

119 Izy no ilay Ray izay nitarika an'ireo zanak'Isiraely. Izany no Asany, ilay Jehovah Ray lehibe. Ary nonina teto an-tany Izy, nantsoina hoe Zanaka. Ary ankehitriny dia monina ao amin'Ny Fiangonany Izy, antsoina hoe ny Fanahy Masina. Tsy hoe Andriamanitra Telo; Andriamanitra anankiray ao amin'ny asa telo: Ray, Zanaka, ary Fanahy Masina.

Miezaka manao Azy ho Andriamanitra telo samihafa ny olona, Andriamanitra ilay Ray. Izany no antony, ireo Jiosy, tsy afaka mihitsy ianareo, tsy hitondra an'izany eo amin'ny Jiosy iray mihitsy ianareo, tsia, io eo io. Tsy afaka Izy. Manana didy iray Izy, hoe, "Izaho dia Andriamanitra Anankiray." Andriamanitra anankiray ihany no misy.

120 Any Afrika dia manao batisa amin'ny fomba telo samihafa izy ireo: manao batisa indray mandeha ho an'ny Ray izy ireo, ary indray mandeha ho an'ny Zanaka, ary indray mandeha ho an'ny Fanahy Masina. Ny misiona Finoana Apostolika, dia manao batisa intelo izy ireo, mankany aloha, ho an'ny Fahafatesany. Ny iantsoin'izy ireo ny hoe Filazantsara Feno any amin'ny Morontsiraka Andrefana, na ny Morontsiraka Atsinanana, dia ny manao batisa intelo mankany aoriana, nilaza fa Izy. . . ho an'ny Fandevenany.

Ary hoy izy hoe, "Rehefa maty Izy, dia lavo nankany aloha Izy."

121 Ny iray hafa nanao hoe, "Andraso. Mandevina olona iray amin'ny lamosiny ianareo." Zavatra teknika tranainy kely fotsiny, nefa, izy roa dia diso; diso izy roa, araka ny Soratra.

Ity no Orima Tomima. Milamina hatreo izany.

122 Ankehitriny, eto, ndao isika hanao sary an'izany fotsiny ka hahita hoe inona—tahaka ny inona izany, izao hariva izao. Ity ilay izy, raha tianareo ny hahita an'izany. Saiky tao anatin'ny teo amin'ny dimy amby roapolo taona rehetra naha-mpitoriteny ahy, dia nianatra an'izany aho. Ary mazàna aho no nanontany ny amin'ireo fanomezam-pahasoavana ao amin'ny fiangonana. Inona ireo fanomezam-pahasoavana ireo? Faminaniana, miteny amin'ny fiteny tsy fantatra, mandika ny fiteny tsy fantatra, fanambarana avy amin'Andriamanitra, sy ny sisa, io rehetra io dia tonga amin'ny alàlan'i Kristy.

123 Jereo ankehitriny. Kristy no Lohan'ny zavatra rehetra. Ary Izy no Lohan'ny Fiangonana. Ary efa mba nahita diamondra goavana iray ve ianareo? Ny diamondra goavana be iray izay voasilaka tsara, dia manana an'ireo silaka kely nendahina niala taminy izy, nosilahina niala taminy. Izany no manao diamondra marina iray. Ho an'ny inona ireo silaka? Ny tena diamondra, ny fomba ivoahany, dia notorotoroina izy; ny tena diamondra, rehefa hita izy.

Tany Kimberley aho. Ianareo, maro aminareo, izay efa nandre fa afaka mitsimpona diamondra eny an-dàlambe ianareo, marina izany. Izaho sy Billy, ary Atoa. Bosworth. Ny filohan'ny fitrandrahana diamondran'i Kimberley, nitondra. . . Izy no mpampiditr'oloko tany amin'ilay fivoriana tany. Ary nitondra anay tany izy ireo. Ary avy ao fotsiny. . . Izy ireo dia mitrandraka azy ireny eo amin'ny, oh, eo amin'ny fiton-jato sy arivo dian-tongotra any ambanin'ny tany. Mivoaka izy

ireo, vato manga iray, manga goavana, tahaka ny vatomanga izay anananareo manodidina eto. Ary ireo teratany, mametraka azy ireo any amin'ny fiton-jato sy arivo dian-tongotra ao anatin'ny tany izy ireo, mba hitrandraka azy ireny, mba hihazona an'ilay vidiny ho ambony. Raha handeha any amin'ilay renirano any ianareo, dia ambenan'izy ireo manerana ny an-jatony maily izany. Mitondra siny folo gallon anankiroa, hoy izy, ary mampakatra an'izany, feno ny—ny fasika, ka raha afaka mandeha any an-trano miaraka amin'izany ianareo, dia ho lasa mpanapitrisa iray, hisy diamondra betsaka ao anatin'izany. Fa tsy maintsy miasa sy mitrandraka azy ireny izy ireo, mba hihazona an'ilay vidiny ho ambony eo amin'izy ireo.

124 Ankehitriny, ny diamondra, rehefa mivoaka izy, dia anankiray goavana fotsiny izany, malama, boribory, mitovy, amin'ny silam-pitaratra iray. Misy ny diamondra manga iray, diamondra mainty, emeralda, sy diamondra mazava, diamondra fotsy. Fa rehefa mivoaka izy. . . Avy eo rehefa voamboatra izy ary natao ho ampiasaina, dia misy ampahany iray an'io diamondra io tsy maintsy ariana. Ary tsy maintsy ariany ireo—ireo silaka niala taminy. Endahina ireo silaka kely, satria, rehefa tonga eo amin'ny hazavana mivantana izy, tahaka an'*izao*, dia manao famirapiratana iray izany. Ilay silaka, no manao ny famirapiratana, ny fomba nandidiana azy. Voadidy izy, voasilaka, ary avy eo, rehefa izany izy, dia manao famirapiratana iray. Ary ny anankiray dia hamoaka hazavana maintso iray, ary ilay hafa dia hamoaka hazavana manga iray, ary angamba iray hafa, hazavana emeralda, ary hazavana mena iray. Ary hazavana samihafa no mivoaka avy aminy, tahaka ny lokon'ny avana iray. Izy ireo dia miantso azy hoe, "afo ao anatin'ny diamondra."

125 Ankehitriny, ny tsirairay avy amin'ireo hazavana ireo dia maneho an'ireo fanomezam-pahasoavana. Fa ilay izy dia, izao fotsiny ihany, Kristy no Diamondra. Ary Izy no ilay Anankiray Izay tonga, ary notorotoroina, sy nolefonina, ary nosilahina, mba Ahafahany mampitaratra ny Tenany indray toy ny Hazavana iray ho an'izao tontolo izao. Izy io Diamondra Lehibe io.

126 Azonareo eritreretina ve, talohan'ny nisian'ny tany iray akory aza, talohan'ny nisian'ny hazavana iray, talohan'ny nisian'ny kintana iray, talohan'ny nisian'ny zavatra iray? Nisy Loharano Lehibe iray nivoaka, an'ny Fanahy, ary avy tao amin'io Loharano io no nivoaka ny fitiavana madio indrindra, satria tsy nisy afa-tsy fitiavana no tsy maintsy nivoaka avy tamin'izany. Ankehitriny, isika, izay antsointsika hoe fitiavana, amin'izao andro izao, dia fitiavana iray voavadika. Fa vao azontsika fotsiny ny tena dikany iray, na bitika kely iray an'io fitiavana io ao anatintsika, dia manova ny hevitsika manontolo izany.

127 Avy eo dia mivoaka avy ao ny ony hafa iray, avy ao amin'io Loharano lehibe io, ilay Diamondra, ary izany dia nantsoina hoe fahamarinana, fahamarinana tanteraka. Ankehitriny, izany

no antony tsy maintsy nananantsika ny lalàna. Izany no antony tsy maintsy nananan'ny lalàna fitsarana. Raha tsy misy fitsarana manaraka ny lalàna, dia tsy mahavita soa ny lalàna. Ary rehefa voatonon'ny lalàna ny fitsarana, izay mitondra fahafatesana, dia tsy misy anankiray izay afaka handoa ny sazy afa-tsy Andriamanitra Izy tenany. Ary Izy no nandoa ny sazin'ny fahafatesantsika, ka nitondra ny fahotantsika teo Aminy, mba hahatonga antsika ho fahamarinan'Andriamanitra amin'ny Alàlany.

128 Ankehitriny, rehefa nivoaka ireo Hazavana lehibe ireo, na ireo taratra lehibe an'ny Fanahy: fitiavana, fiadanana, izay ihany no nisy, Io. Tsy nisy fijaliana. Tsy nisy ny—ny fankahalana, na ny lolom-po; tsy afaka nivoaka avy tao amin'io Loharano io izany. Izany no Jehovah. Izany no Jehovah Andriamanitra. Ary ankehitriny, araka ny iantsoan'ireo teolojiana azy, dia teofania iray no nivoaka avy tamin'Izany, izay nantsoina hoe, araka ny Soratra, ny "Logos," ilay Logos izay nivoaka avy tamin'Andriamanitra. Sarotra hazavaina izany, saingy ampahany iray an'Andriamanitra Izany.

129 Ankehitriny, ity no nitranga. Oh! Mamelà ahy. Izaho—izaho—tonga eo amin'ity fotsiny aho, ity fotsiny no mitondra ahy mihitsy eo amin'izay itiavako azy. Hitanareo? Ilay Logos, ary ity Loharano lehibe ity, ity Loharano lehibe an'ny Fanahy izay tsy nanana fiandohana na nanana fiafarana ity; ity Fanahy lehibe ity dia nanomboka naka endrika, tao amin'ny famoronana, ary ilay Logos izay nivoaka avy tao amin'Izany dia ny Zanak'Andriamanitra. Izany no endrika tokana hita maso izay nananan'ilay Fanahy. Ary teofania iray Izany, izay midika hoe vatana iray, ary ilay vatana dia mitovy amin'ny olona iray.

130 Nahita Azy i Mosesy rehefa nandalo Izy tao amin'ilay . . . akaiky—akaikin'ilay vatolampy. Ary nijery Azy izy, nanao hoe, "Tahaka ny ampahan-damosin'olona iray Izany."

Izany dia ilay karazana vatana iray ihany izay raisintsika rehefa maty eto isika. "Raha ravàna ity tabernaklan'ny tany ity, dia manana anankiray isika izay efa miandry." Izany ilay Izy. Ary izany ilay teofania izay ny Zanak'Andriamanitra. Io Zanaka io, io Logos io, dia tonga nofo, satria napetraka tao anatin'ny nofo isika. Ary ilay teofania, ilay Logos, dia tonga nofo, teto anivontsika teto, ary Izany dia tsy hafa fa ilay toeram-ponenana, satria nonina tao Aminy io Loharano manontolo io. Oh, hitanareo ve izany? Io Izany. Izany dia ilay Anankiray, izay, ao . . .

131 Jereo eto. Ndao isika ankehitriny hamadika haingana mihitsy ao amin'ny Hebreo, ny toko faha-7, ho an'ny fotoana iray fotsiny an'ny—an'ny fahasoavana, raha sitrak'Andriamanitra. Ndao jerentsika hoe tahaka ny inona izany eto. Abrahama!

Fotoana firy no ananantsika? Manana folo minitra isika. Eny àry. Alaintsika ity, avy eo dia hofaranantsika izany amin'ny manaraka, manaraka, na Alahady, raha sitraky ny Tompo.

132 Niverina avy tany amin'ny famonoana an'ilay mpanjaka i Abrahama.

Fa io Melkizedeka io, mpanjakan'i Salema, . . .

Firy no mahafantatra hoe taiza, iza, inona i Salema? Jerosalema.

> . . . *mpanjakan'i Salema,* mpisoron'*Andriamanitra avo indrindra, izay nitsena an'i Abrahama izay niverina avy tany amin'ny famonoana an'ireo mpanjaka, ka nitso-drano azy;*

Henoy.

> *Ho azy ihany koa no* nanomezan'*i Abrahama ny ampahafolon'ny rehetra; voalohany raha adika dia* ny *Mpanjakan'ny fahamarinana,* . . . *aorian'izany ihany koa dia* ny *Mpanjakan'i Salema, izany hoe,* ny *Mpanjakan'ny fiadanana;*
>
> *Tsy manan-dray, tsy manan-dreny, tsy manana tantaram-pirazanana, tsy manana na voalohan'andro, na* fiafaran'*ny fiainana;* . . .

133 Nidina avy tany Salema ny Mpanjaka iray, ary nitsena an'i Abrahama avy tany amin'ny famonoana an'ireo mpanjaka. Ary ity Mpanjaka ity dia tsy nanana ray, tsy nanana reny, tsy nanana fiandohan'andro na fiafaran'ny fiainana. Iza no nitsena an'i Abrahama? Eritrereto ankehitriny. Tsy nanana ray Izy; tsy nanana reny Izy. Tsy nanana fotoana iray izay Nanombohany mihitsy Izy, ary tsy manana fotoana iray izay Hiafarany mihitsy Izy, noho izany dia io Mpanjakan'i Salema iray io ihany no tokony ho velona androany. Amena. Hitanareo ve izany? Izany dia io teofania izay io Zanak'Andriamanitra io. Salema inona? Io Jerosalema izay any Ambony io, izay Abrahama, satria voatso-drano, no nikaroka, nitady, niezaka ny hahita an'ilay Tanàna izay Andriamanitra no Mpanorina sy Mpanao. Nirenireny tao anatin'ny hoditr'ondry sy hoditr'osy izy, hatraiza hatraiza, lao, nirenireny, ary nitady Tanàna iray izay Andriamanitra no Mpanorina sy Mpanao. Ary nihaona tamin'ilay Mpanjakan'io Salema io izy, izay nidina, ary nandoa Taminy ny ampahafolon'ny zavatra rehetra. Amena. Izy io. Oh, Rahalahy Graham, Izy io. Izy io.

Nahita Azy indray i Abrahama. Indray andro dia nipetraka tao anaty tranolay izy. Nijery izy, an'izay tonga teo, ka nahita lehilahy telo tonga.

134 Fantatrareo, misy zavatra iray fotsiny mikasika ny Kristiana iray, izay ahafantarany ny Fanahy rehefa mahita an'Izany izy. Rehefa izy . . . Fantany fotsiny izany. Misy zavatra Ara-panahy

mikasika an'izany. Ireo zavatra Ara-panahy dia fantatra Ara-panahy. Fantatrareo. Hia, afaka miteny an'izany fotsiny izy, raha tena nateraka marina. "Ny Ondriko mahalala Ny Feoko."

135 Ary fantany fotsiny fa nisy zavatra teo. Nihazakazaka izy ka nanao hoe, "Midìra, ry Tompoko. Mipetraha. Mijanòna vetivety. Haka singa-mofo iray aho ka hataoko eo an-Tànanao. Hanasa ny Tongotrao aho. Ampialao sasatra ny Tenanao, avy eo dia tohizo ny Dianao, satria Ianao—tonga hamangy ahy Ianao." Tao amin'ilay tany tsy namokatra tany, naka an'ireo làlan-tsarotra, ilay làlana miaraka amin'ireo vitsin'ny Tompo nohamavoina.

Fa, i Lota dia niaina tao amin'ireo harena, ilay zana-drahalahy tany, saingy niaina tao anatin'ny fahotana izy. Izany no vokarin'ny fananan-karena dia ny fahotana.

136 Noho izany dia nitondra azy ireo i Abrahama, raha nitondra rano kely izy ka nanasa ny Tongony. Nihazakazaka nankany amin'ilay zanak'omby izy, ary naka zanak'omby matavy iray tao anatin'ny vala, ary namono an'izany; nanolotra azy tamin'ny mpanompo iray, mba ho karakaraina. Dia hoy izy, "Saraha, fetafetao ny kobanao."

Fantatrareo hoe inona ny mametafeta, ilay izy, ny dikany. Fantatrareo, i mama taloha dia nanana anankiray tranainy, karazana fikapohan-koba iray, izay nananany tao anatin'ny—ny barikan-koba. Efa mba nahita ny iray tamin'izy ireny ve ianareo niaraka tamin'ny sivana iray? Ary nanana fikapohan-koba iray ianareo tao anatiny tao, noharoharoinareo ilay koba, fantatrareo; ary lasa mavesatra tahaka an'*izao*, ary mangaroharo an'izany, tahaka an'izany. Efa nahita an'i mama nanao an'izany aho, matetika, ilay fikapohan-koba, manana zavatra kely boribory izay misy tariby makarakara kely eo aminy. Ataony ao ilay koba ary sivaniny tahaka an'*izao*, fantatrareo, ary ahetsiketsiny mandroso sy miverina, tahaka an'*izao*. Avy eo dia alainy ilay fikapohan-koba ka haroharoiny manodidina izany, tahaka an'*izao*, mba hampidina azy rehetra. Ary tamin'izany dia tsy maintsy nandeha izahay mba hanao ny kobanay ho voatoto tany amin'ilay fitotoam-bary tranainy; ary ireo vaingana goavana tranainy, fantatrareo, mavesatra, no nanao ny tena mofo katsaka. Afaka manatsofa vatan-kazo ianareo ny tontolo andro, eo ambonin'izany.

137 Koa noho izany, hoy izy hoe, "Mametafetaha koba vitsivitsy, haingana mihitsy. Ary manaova mofomamy vitsivitsy eto ambonin'ny fatana eto avy hatrany, haingana mihitsy." Dia nitery an'ilay ombivavy izy ireo ka naka ronono vitsivitsy. Ary nahazo izy ireo, nampandry an'izany, ka nahazo dibera vitsivitsy. Ary avy eo dia lasa izy ireo ka namono an'ilay zanak'omby ary nahazo hena vitsivitsy, ka nendasiny ilay hena. Naka an'ilay rononon-dibera, mofo katsaka, ary naka dibera vitsivitsy mba hapetraka teo ambonin'ilay mofomamy mafana. Oh, tena tsara

tokoa izany. Ary nalamin'izy ireo teo ambony teo izy rehetra. Ary nentiny izany, ka napetrany teo amin'ireto Lehilahy telo ireto.

138 Ary raha mbola nihinana Izy ireo, dia tsy nitsahatra nijery nankany Sodoma Izy ireo. Ary afaka kelikely, dia nitsangana Izy ireo ary nanomboka nandeha. Dia hoy Izy hoe, "Abrahama . . . " Hoy izy, "Tsy hanafina an'izany amiko Ianao."

139 "Tsy afaka hanafina aminao an'izay Hataoko Aho. Handeha ho any Aho. Tonga ato an-tSofiko ny fahotan'i Sodoma."

Iza ilay Lehilahy? Vovoka no nanerana ny Akanjony, ary nipetraka teo nihinana nofon-janak'omby iray, sy nisotro rononon'ombivavy, sy nihinana mofomamy avy amin'ny mofo katsaka, ary dibera vitsivitsy. Iza io Olona hafahafa io? Roa, na ny telo tamin'Izy ireo, nipetraka teo. Vovoka no nanerana ny Akanjony. Oh, hia, "Avy tany amin'ny Firenena iray lavitra Izahay." Hia, tena lavitra. Ary noho izany dia nilaza Izy . . . Eny, Iza Izy ireo?

140 Hoy Izy hoe, "Tsy afaka manafina amin'i Abrahama Aho, hita fa izy no mpandova ny tany." Amena. "Manambara ny Tsiambarateloko Aho," amin'ny teny hafa, "amin'ireo izay mpandova ny tany." Eo no tokony hisy ny Fiangonana androany. Marina izany. Mahazo an'ireo Tsiambaratelon'Andriamanitra, mahafantatra hoe ahoana no hihazonana ny tenanareo, sy hihetsehana, sy inona no hatao, sy ahoana no andehanana, ary ahoana no iainana. Isika no mpandova ny tany. Marina. Izy no manambara an'Izany aminareo, satria tsy hanafina na inona na inona Izy. Izany no antony handinihantsika an'ireo zavatra miseho ireo.

Hoy izao tontolo izao hoe, "Ah, andiana fanatisma iray izany." Avelao izy ireo hilaza an'izany. Ny mpandova ny tany no mahafantatra an'ireo zavatra ireo. [Elanelana tsy voaraki-peo—Mpand.]

. . . fa izy ireo dia hantsoina hoe zanak'Andriamanitra.

Sambatra izy ireo izay *malemy fanahy: fa izy ireo no handova ny tany.*

Mampahafantatra ny Tsiambaratelony amin'izy ireo Izy, manambara an'izany amin'izy ireo, maneho amin'izy ireo hoe inona no atao ary ahoana no iainana, mandao an'ireo zavatr'izao tontolo izao; mandeha masina sy miaina masina, ao amin'ity izao tontolo izao ankehitriny ity, mandeha miaraka Aminy hatrany. Avelao izao tontolo izao hilaza izay tian'izy ireo ho lazaina.

141 Noho izany dia hoy Izy hoe, "Tsy afaka manafina an'ity tsiambaratelo ity amin'i Abrahama Aho, satria, hita fa izy no mpandova ny tany. Fa," hoy Izy hoe, "hidina Aho handrava an'i Sodoma. Hidina Aho."

142 "Inona no hataonao, Andriamatoa? Avy taiza Ianao? Inona ny mikasika an'izany rehetra izany?"

143 Hitantsika fa, hoy Izy hoe, “Ary zavatra hafa iray, ry Abrahama, efa niandry dimy amby roapolo taona an’ity teny fikasana izay Nomeko anao ity ianao. Efa nanomana an’ireo lamban-jaza rehetra ianao, ireo—ireo paingotra sy ny sisa, ho an’io zazakely io, dimy amby roapolo taona lasa izay. Mbola niandry Ahy foana ianao. Ankehitriny dia hamangy anao Aho, saiky amin’ny andron’aina, araka ny, andron’aina, amin’ny volana manaraka dia homba anao Aho.”

144 Ary Saraha, tao ambadik’ilay tranolay. Ary nanatodika ny Lamosiny tany amin’ilay tranolay ity Lehilahy ity, niresaka tamin’i Abrahama, tahaka an’*izao*. Ary i Saraha nanao hoe, “Hah!”

145 Hoy Izy hoe, “Inona no nampihomehy an’i Saraha?” Ho-ho-ho! Ahoana ny amin’izany? Tena fifandraisana ara-tsaina tsara iray izany, sa tsy izany? “Inona no nampihomehy an’i Saraha?”

Hoy i Saraha hoe, “Tsia. Tsy nihomehy mihitsy aho.”

146 Hoy Izy, “Oh, eny, nihomehy ianao.” Natahotra izy. Nangovitra izy. Iza Io, izay afaka nahafantatra an’izay nataony tao ambadik’ilay tranolay? Izany dia Io Andriamanitra iray ihany izay miaraka amintsika androany io. Ilay Anankiray ihany. Fantany ny rehetra mikasika an’izany. Hitanareo? Manambara an’izany fotsiny arak’izay ilainareo Izy. Hitanareo?

147 “Inona no ihomehezanao?” Hitanareo, ny Lamosiny no nitodika nankany amin’izany. Nanambara an’izany ny Baiboly, hoe, “Nitodika nankany amin’ilay tranolay ny Lamosiny.” Saingy, Fantany izany. “Inona no, ao ambadika ao, anaovany an’*izany*, hitanao?

Noho izany, dia hoy Izy hoe, “Hamangy anao Aho.”

148 Iza io Olona hafahafa io? Fantatrareo ve izay nitranga? Niala teo avy hatrany Izy ary nanjavona. Ary ny Baiboly dia nilaza fa Io no Andriamanitra Tsitoha, Jehovah, ilay Loharano lehibe, ilay Teofania, ilay Logos.

149 Nilaza tamiko ny mpitory teny iray, indray andro lasa, nanao hoe, “Rahalahy Branham, tsy nieritreritra tokoa ianao fa Andriamanitra izany, sa tsy izany?”

150 Hoy aho hoe, “Ny Baiboly no nilaza fa Andriamanitra Izany, Elohima.” Fa, Izy no Andriamanitra Tsitoha, ilay El Shaddai, marina izany, ilay Mpanome-Hery, ilay Mahafa-po. Amena.

151 Oh, mahatsapa ho mpivavaka aho! Eritrereto izany. Eto izany, izany Izy. Ankehitriny dia haneho aminareo aho hoe Iza Izy eto, amin’izay fotoana izay dia ho hitanareo hoe Iza ilay Zanaka. Jesosy izany, talohan’ny Nahazoany an’ilay Anaran’olombelona hoe, “Jesosy.”

152 Nitsangana teo amin’ilay loharano izy ireo tamin’io andro io. Ary nisotro izy rehetra, fantatrareo, hoe, “Nahazo rano izay tany an-efitra,” sy ireo zavatra tahaka an’izany. Hoy Izy hoe . . .

Nihinana ny mana sy ny karazany izy ireo. Hoy izy ireo hoe, "Ny razanay nihinana ny mana tany an-efitra, nandritry ny efapolo taona."

153 Hoy Izy hoe, "Fa izy ireo, ny tsirairay avy, dia maty." Hoy Izy, "Izaho no Mofon'Aina izay avy tamin'Andriamanitra, any Andanitra. Izay mihinana an'ity Mofo ity dia tsy ho faty intsony."

154 Hoy izy ireo, "Eny, ny razanay dia nisotro avy tamin'ny Fanahy, avy tamin'ny Vatolampy ara-panahy iray izay tany an-efitra, izay nanaraka azy ireo."

155 Hoy Izy hoe, "Izaho izany Vatolampy izany." Voninahitra! Masindahy Jaona, ny toko faha-6.

"Nahoana," hoy izy ireo, "inona?"

"Eny. Marina izany."

156 "Nahoana," hoy izy, "Ianao dia . . . Ianao aza tsy dimampolo taona akory." Mazava ho azy, ny Asany no nanao Azy ho tahaka ny antitra iray, saingy telopolo taona fotsiny Izy. Hoy izy, "Ianao dia lehilahy iray izay tsy mihoatra ny dimampolo taona, nefa ianao dia milaza fa efa nahita an'i Abrahama ianao, izay efa maty nandritry ny valon-jato na sivin-jato taona? Fantatray ankehitriny fa devoly iray ianao."

157 Hoy Izy hoe, "Talohan'ny nisian'i Abrahama, dia IZAHO NO IZY." Io Izy. Iza ilay IZAHO NO IZY? Anarana iray mandrakizay ho an'ny taranaka rehetra. Izany ilay . . . ilay Andry Afo tao anatin'ny roimemy nirehitra, "IZAHO NO IZAHO IZAY IZY." Teo Izy, ilay Teofania izay Nataony teto, nantsoina hoe ny Zanak'Andriamanitra, ilay IZAHO NO IZY, ilay Jehovah.

158 Hoy Tomasy hoe, "Tompo, asehoy anay ny Ray dia hahafapo anay izany."

159 Hoy Izy, "Efa ela izay no Niarahako taminareo, dia tsy mahafantatra Ahy ve ianao?" Hoy Izy, "Rehefa mahita Ahy ianareo, dia mahita ny Ray. Nahoana ianao no milaza hoe, 'Asehoy anay, Ianao, ny Ray'? Izaho sy ny Ray dia Iray. Ny Raiko mitoetra ato Amiko. Izaho dia tabernakely iray fotsiny antsoina hoe ny Zanaka. Ny Ray no mitoetra ato Amiko. Tsy Izaho no manao an'ireo asa, izany dia Ny Raiko izay mitoetra ato Amiko. Izy no manao an'ireo asa, fa tsy Izaho."

160 Ankehitriny, nitsangana tany, indray, dia nahita Azy i Mosesy, ny ampahan'ny Lamosiny, nanao hoe, "Tahaka ny lamosin-dehilahy iray," ilay Logos izay avy tamin'Andriamanitra.

161 Tamin'izay fotoana izay dia inona no nitranga? Io no Andriamanitra. Ary ny antony nahalasa Azy avy amin'ny Logos ho nofo . . . Inona . . . ? Ahoana ianareo . . . ? Inona no nitranga tamin'izany? Dimy minitra talohan'izany, Izy dia ny . . . Izy no ilay Logos. Fa inona no Nataony? Naninji-tànana fotsiny Izy . . .

162 Ankehitriny, ny vatantsika dia vita avy tamin'ny singa enina ambin'ny folo samihafa avy amin'ny tany. Fantatsika izany. Izany dia vita avy tamin'ny potasy, sy—sy ny—sy kalsioma kely, sy—sy solika, sy hazavana kosmika, ary atoma, sy ny sisa. Ny rehetra nifangaro niaraka, ary manao an'ity vatana ity, avy amin'ny vovoky ny tany. Mihinana sakafo ianareo. Raha mihinana ny sakafo ianareo, izany dia mivadika ho . . . avy amin'ny vovoka, ary avy amin'ny vovoka izany, ary izany fotsiny—manohy avy hatrany fotsiny izany. Ny nofonareo, arak'izay nofonareo, dia tsy samihafa amin'ny soavaly iray, na amin'ny ombivavy iray, na zavatra hafa iray. Mbola nofo foana fotsiny izany.

163 Ary, ry tovolahy, manome voninahitra ny nofo ianareo; fa io fanahy io dia manana aina iray ao anaty ao, ry rahalahiko. Marina izany. Fa ny nofonareo dia vovoky ny tany fotsiny, tahaka ny biby. Ny nofonareo dia tsy mihoatra noho ny biby iray. Ary raha mitsiriritra nofo sy ny zavatra izay hitanareo ianareo, mitsiriritra vehivavy, mitsiriritra an'ireo zavatra samihafa ireo, dia mbola biby foana izany. Marina izany. Marina izany. Tsy tokony hanao an'izany ianareo. Ny Fanahin'Andriamanitra no hitarika anareo ary hametraka anareo eo amin'ny tanety iray avo kokoa noho izany. Marina tokoa izany.

164 Ankehitriny, ary eto, nitsangana teo io Teofania lehibe io. Inona . . . Io Jehovah Andriamanitra lehibe io, fantatrareo ve hoe inona no Nolazainy? Naninji-tànana fotsiny Izy ka naka atoma eran'ny tànana, naka hazavana kely iray, ary nandraraka an'izany tao, tahaka an'*izao*, nanao hoe, "Fioo," vatana iray, ary niditra avy hatrany tao anatin'izany. Izay ihany.

165 Hoy Izy, "Avia eto, ry Gabriela," ilay Arikanjely lehibe. Nanao hoe, "Fioo." "Midira ao amin'*io*."

166 "Avia eto, ry Mikaela," ilay Anjely eo amin'ny Ilany havanana. "Fioo." Ho an'ilay . . . "Midìra ianao ao anatin'*io*."

167 Andriamanitra, sy ireo Anjely roa, dia nandeha teto ambany teto tao anatin'ny nofon'olombelona, ary nisotro ronono avy tamin'ny ombivavy iray, nihinana dibera avy tamin'ny ronono, sy nihinana mofo katsaka vitsivitsy, ary nihinana nofon-janak'omby. Anjely roa sy Andriamanitra. Ny Baiboly no niteny an'izany. Izany no Melkizedeka, izay nihaonan'i Abrahama, tonga avy tany amin'ny famonoana an'ireo mpanjaka. Izany ilay Zanak'Andriamanitra.

168 Mandroso, ato amin'ny Hebreo, ny faha-7, nanao hoe, "Fa natao tahaka ny Zanak'Andriamanitra." Io Izy. Izy no nanao ny zavatra rehetra tamin'ny Alàlany. Ary nivoaka teo avy hatrany Izy, ka nanova fotsiny an'io vovoka io niverina avy hatrany ho amin'ny vovoka indray, ary niverina avy hatrany nankany amin'ny Voninahitra.

169 Ary ireo Anjely, vantany vao nanafaka an'i Lota sy Rtoa. Lota Izy ireo, ary nanohy nijery nankany aoriana izy. Nilaza Izy, niteny tamin'izy ireo mba tsy hanao an'izany indray. Ary nandeha niverina avy hatrany Izy ireo nankao amin'ny—amin'ny Fanatrehan'Andriamanitra.

170 Ankehitriny, fanantenana lehibe iray toy ny inona no ananantsika ao amin'ity Finoana lehibe izay tompointsika izao hariva izao ity! Ilay Andriamanitra velona, ilay Jehovah, ilay Andry Afo, dia miaraka amintsika. Maneho ny Tenany ao amin'ny hery, sy hetsika, ary manandratra . . . Namela azy ireo haka Ny Sariny, ilay Jehovah iray ihany. Ilay Zanak'Andriamanitra izay avy tamin'Andriamanitra, dia niverina ho Andriamanitra, ka monina ao amin'Ny Fiangonany mandrakizay. Io Izy.

171 Manana ny anarantsika ao amin'Ny Bokiny Izy, miaraka amin'ny fianianana iray tamin'ny Tenany, satria tsy misy anankiray lehibe Azony ianianana, fa hanangana antsika Izy amin'ny andro farany. "Izay mihinana Ny Nofoko, sy misotro Ny Ràko, no manana Fiainana mandrakizay, ary Izaho hanangana azy amin'ny andro farany. Izay manatona Ahy, dia tsy ho Laviko. Izay mandre Ny Teniko, ka mino Izay naniraka Ahy, no manana Fiainana mandrakizay, ka tsy hiditra ao amin'ny fanamelohana mihitsy, fa efa tafafindra avy amin'ny fahafatesana ho amin'ny Fiainana."

172 Io Anankiray io ihany dia afaka haninji-tànana ka handramby kalsioma sy potasy eran'ny tànana, hanao hoe, "Fioo," ary eo indray ianareo. Ary ny anarako dia eo amin'Ny Bokiny. Ho-ho! Ho-ho-ho-ho! Inona no iahiako hoe miha-milatsaka toy ny ahoana ireo soroko, miha-antitra toy ny ahoana aho? Tsia tokoa. Tsy misy fanahiana na kely aza.

173 Rahalahy Mike, indray andro any, ho tahiana anie ny fonao, rahalahy, rehefa ho tonga io trompetra lehibe io, izay tsofina, ka hivoaka i Josefa. Haleloia! Hilaza izy hoe, "Rankizy!" "Fioo." Ho eo isika, natao hitovy Aminy; tanora mandrakizay, levona ny fahanterana; ny aretina, ny olana, ny alahelo dia nanjavona. Voninahitra ho an'ilay Andriamanitra velona!

174 Amin'ny Alàlany no Itenenany, androany, Ny Zanany. "Tamin'ny fotoana Samihafa sy fanao samihafa no Nitenenany tamin'ny alàlan'ny mpaminany, fa amin'izao andro farany izao dia amin'ny alàlan'Ny Zanany, Kristy Jesosy." Miresaka amin'ny fon'ny olona rehetra izay Nantsoiny Izy. Raha mba nahatsapa Ny Feony ianareo na nandre Azy nandondòna teo amin'ny fonareo, dia azafady aza lavina Izany.

Ndao isika hivavaka.

175 Ray any An-danitra, izao hariva izao, raha tena faly izahay ny mahafantatra, tamin'ny fanokafana an'ity Epistilin'ny Hebreo ity, hoe ahoana no niverenan'i Paoly avy hatrany

tao amin'ireo Filazantsara. Tsy nandray an'izany fotsiny teo amin'ny honohono na teo amin'ny fahatsapana iray izy. Tiany ho fantatray hoe inona ny Fahamarinana. Ary niverina avy hatrany tao amin'ireo Filazantsara izy, ary izy . . . niverina tao amin'ny Testamenta Taloha, ilay Filazantsara izay notoriana tamin'izy ireo. Ary hitany, nanerana ny Testamenta Taloha teo, ireo aloka sy tandindona rehetra. Izany no antony nanananay an'ity Bokin'ny Hebreo ity izao hariva izao. Fa hitanay Izany, Tompo, ary tianay Izany. Ary nanerana an'ireo taona, dia efa nodorana Izany, efa naparitaka Izany, efa noezahina ho foanana Izany, saingy manohy mandroso foana fotsiny Izy. Satria Ianao no nilaza hoe, "Ny lanitra sy ny tany ho levona, fa Ny Teniko tsy ho levona."

176 Noho izany dia hilaza ilay mpisalasala hoe, "Eny, hoy ianareo hoe, 'Paoly no nanoratra an'ity.'" Tsy i Paoly, fa Andriamanitra izay tao amin'i Paoly; ilay Vatana mpamorona izay tao anatin'i Paoly.

177 Tahaka ny tao amin'i Davida mihitsy, rehefa nilaza izy hoe, "Tsy hamela Ny Iray Masiko hahita ny lò Aho, na hamela ny Fanahiny ao amin'ny helo Aho." Ary nalain'ny Zanak'Andriamanitra avy tao amin'io mpaminany io ireo Teny ireo, ka nandeha avy hatrany tao an-kibon'ny helo. Ary hoy Izy, "Ravao ity tabernakely ity, fa Izaho hanangana Azy afaka telo andro." Ary Nataony izany, satria tsy mety diso ny Tenin'Andriamanitra; tsy mety diso ny tendron-tsoratra anankiray. Toy ny ahoana no isaoranay an'Andriamanitra ny amin'izany, ity Orima Tomima lehibe ity, ary ny mahafantatra fa ny fahatsapanay izao hariva izao, Tompo, dia mipiapiaka eo amin'ity Baiboly eto ity! Nateraka indray izahay, manana ny Fanahy Masina.

178 Andriamanitra malala, raha misy lehilahy iray na vehivavy iray ato izao hariva izao, zazalahy na zazavavy, izay tsy nijoro vavolombelona an'izany mihitsy, dia ahoana no ahafahan'izy ireo hitsangana raha tsy misy Fiainana ao anatiny ao? Oh, hoy izy ireo hoe, "Manana Fiainana aho."

179 Nefa hoy ny Baiboly hoe, "Izay miaina amin'ny fahafinaretana dia maty fahavelona izy. Milaza ianareo fa manana Fiainana, nefa maty ianareo. Ianareo dia mihambo," hoy ny Baiboly, "fa manana Fiainana, nefa maty ianareo. Milaza ianao fa manan-karena sy tsy mila na inona na inona; nefa tsy fantatrao fa ianao ilay mahantra, sy ory, sy mitanjaka, ary jamba, nefa tsy fantatrao izany." Ary izany ilay toeran'ireo fiangonana izao hariva izao, Tompo. Ahoana fa diso an'ireo zavatra lehibe, be vidy izy ireo.

Ny mahafantatra fa ilay Jehovah Andriamanitra lehibe, Izay afaka mamokatra fotsiny ihany amin'ny alàlan'ny . . . Hoy Izy hoe, "Ento aty Amiko ireo trondro kely ireo." Tsy maintsy

Noraisiny ilay trondro mba—mba hanaovana zavatra amin'izany. Maneho, fa tsy maintsy ho zavatra iray ny fitsanganana, hanaovana zavatra iray. Tsy nanao trondro fotsiny Izy, fa nanao trondro nandrahoina Izy, ary mofo nandrahoina. Ary namoky dimy arivo tamin'ny trondro kely dimy Izy. . . mofo kely sy hazan-drano roa. O Tompo, teo an-Tànany izany, ary Izy no ilay Mpamorona. Saingy tsy maintsy nanana zavatra iray teny an-Tànany Izy.

Andriamanitra, enga anie izahay hametraka ny tenanay eo an-Tànany, izao hariva izao, ka hanao hoe, "O Andriamanitra, raiso aho arak'izay maha-izy ahy. Ary rehefa eto ilay fiafaran'ny fiainako, dia avelao aho handeha miaraka amin'io fanantenana izay tao anatiko io, mahafantatra fa efa nateraka indray aho, ary Ny Fanahinao no nanambara ahy, sy nilaza niaraka tamin'ny fanahiko, fa Zanakalahinao aho, na Zanakavavinao." Ary amin'io andro farany io, dia hanangana azy ireo Ianao. Ekeo izany, Ray.

180 Ary raha mbola manondrika ny lohantsika isika, dia hisy anankiray ve hanangana ny tànanareo, hanao hoe, "Tsarovy aho, Rahalahy Branham, ao amin'ny vavaka. Tiako hahafantatra ahy Andriamanitra rehefa. . . alohan'ny ialako amin'ity tany ity, dia hahafantatra ahy betsaka Izy mba Hiantsoany ny anarako. Hamaly aho." Ny Tompo hitahy anao anaka. Andriamanitra hitahy anao, ary ianao; ary ianao, ramatoa. Olon-kafa iray? Atsangano fotsiny ny tànanareo. Manaova hoe, "Mivavaha ho ahy, Rahalahy Branham." Izany no hataontsika. Andriamanitra hitahy anao, ramatoa tanora. Tsara izany.

181 Ankehitriny, raha mbola miondrika ny lohanareo, mivavaka, dia hihira andininy iray amin'ity hira ity aho.

Aza mitsiriritra ny harem-poana an'ity izao tontolo izao ity,
Izay mihalò haingana,
Aoreno ao amin'ireo zavatra Mandrakizay ny fanantenanareo,
Tsy ho levona mihitsy izy ireo.

Mihazòna eo amin'ny tànan'Andriamanitra tsy miova.
Mihazòna eo amin'ny tànan'Andriamanitra tsy miova.
Aoreno eo amin'ireo zavatra Mandrakizay ny fanantenanareo,
Mihazòna eo amin'ny tànan'Andriamanitra tsy miova.

182 Raha mbola mitendry izy ankehitriny, ka miondrika ny lohanareo, dia hanatsotra ny tànanareo hiakatra fotsiny ve ianareo, hanao hoe, "Eny, Tompo, inty ny ahy"? Inona no hataon'izany? Izany dia haneho fa ny fanahinareo, ao

anatinareo, dia naka fanapahan-kevitra iray. "Mila ny Tànanao aho, Tompo." Andriamanitra hitahy anao, ry zazavavy kely. "Hanangana ny tànako aho." Andriamanitra hitahy anao, ry zazavavy kely, eto. Mahafinaritra izany, ry malala. Andriamanitra, fantatrao, dia faly mahita anao manao an'izao. "Avelao ny ankizy kely hanatona Ahy."

183 "Tiako, Andriamanitra, mba Ianao no hihazona ny tànako. Ary amin'io andro io, dia teo ho eo an-Tànanao aho; ka, rehefa miantso Ianao, dia ho avy aho." Eny, tahaka an'i Lazarosy. Andriamanitra hitahy anao, ranabavy.

> Rehefa mifarana ny diantsika,
> Raha efa marina tamin'Andriamanitra ianareo,
> Tsara tarehy sy mamiratra ny tranonareo any amin'ny Voninahitra,
> Izay ho hitan'ny fanahinareo nampakarina.

Inona no hataonareo ankehitriny, arak'izany?

> Mihazòna eo amin'ny tànan'Andriamanitra tsy miova.
> Mihazòna eo amin'ny tànan'Andriamanitra tsy miova.
> Aoreno amin'ireo zavatra Mandrakizay ny fanantenanareo,
> Mihazòna eo amin'ny tànan'Andriamanitra tsy miova.

184 Ray any An-danitra, tànana maro no nitsangana, ao amin'ity fivoriana kely ity, izao hariva izao, hoe te-hihazona izy ireo, izao hariva izao, an'ny Tànanao tsy miova, Mandrakizay. Mahafantatra fa izay napetraka Taminao . . . Hoy Ianao hoe, "Izaho . . . Izay rehetra nomen'ny Ray Ahy no hanatona Ahy, ka tsy ho very ny iray amin'izy ireo. Ary Izaho hanangana azy ireo amin'ny andro farany. Tsy mety ho levona mihitsy, tsy ho tonga amin'ny fitsarana mihitsy, fa manana Fiainana Mandrakizay, Mandrakizay." Ary Fiainana Mandrakizay iray ihany no misy. Izany dia avy amin'Andriamanitra, irery ihany. Andriamanitra Izany. Ary lasa ampahan'Andriamanitra izahay, hany ka zanakalahy sy zanakavavin'Andriamanitra izahay. Rehefa manana ny Fanahin'Andriamanitra ao anatinay izahay, dia mihevitra tahaka an'Andriamanitra. Mihevitra ny fahamarinana sy ny fahamasinana izahay, ary miezaka ny hiaina mba hahafaly Azy.

185 Ekeo, Tompo, mba io karazana Fiainana io no hiditra ao amin'ny olona tsirairay izay nanangana ny tànany. Ary ireo izay tokony nanangana ny tànany, nefa tsy nanangana, dia mivavaka aho mba homba azy ireo Ianao. Ekeo izany, Ray. Ary rehefa mifarana ny dia, tapitra ny aina, dia enga anie izahay hiditra ao amin'ny fiadanana amin'izany andro izany, miaraka Aminy, izay tsy haha-antitra anay intsony, tsy harary intsony, tsy hisy

olana intsony. Mandra-pahatongan'izany, dia tehirizo ho faly sy sambatra izahay, midera Azy, fa mangataka an'izany amin'Ny Anarany izahay. Amena.

186 Ianareo mpino rehetra, ankehitriny, ndao isika hanangana ny tànantsika ka hihira an'ity isan'andininy ity.

Mihazòna eo amin'ny tànan'Andriamanitra tsy miova.
Mihazòna eo amin'ny tànan'Andriamanitra tsy miova.
Aoreno eo amin'ireo zavatra Mandrakizay ny fanantenanareo,
Mihazòna eo amin'ny tànan'Andriamanitra tsy miova.

Ankehitriny dia ndao isika hisamonomonona an'izany. [Manomboka misamonomonona ny *Mihazòna Eo Amin'Ny Tànan'Andriamanitra Tsy Miova* Rahalahy Branham—Mpand.]

187 Raha mbola manao an'izany ianareo, ny eo akaikinareo; manaova hoe, "Andriamanitra hitahy anao, ry eto akaikiko." Raiso ny tànan'ny olona izay mipetraka eo anilanareo. "Andriamanitra hitahy anao." Eo amin'ny ilany roa ankehitriny. Eo amin'ny ilany roa, mandraisa tànana. "Andriamanitra hitahy anao, ry eto akaikiko. Homba anao anie Andriamanitra." Aoreno eo amin'ireo zavatra Mandrakizay ny fanantenanareo.

Doc, fantatro fa teo izany, rahalahy. Fantatro fa efa teo ianao, Rahalahy Neville, vao tsy ela akory.

Rehefa mifarana ity dia ity,

Hitranga izany, indray andro any.

Raha efa marina tamin'Andriamanitra isika,

Hahita an-dRahalahy Seward isika any.

Mamiratra sy mamiratra, ny tranonareo any amin'ny Voninahitra,
Izay ho hitan'ny fanahinareo nampakarina.

Mihazòna eo amin'ny tànan'Andriamanitra tsy miova.

Tiako izao fanompoana izao, aorian'ny hafatra.

Mihazòna eo amin'ny tànan'Andriamanitra tsy miova.
Aoreno eo amin'ireo zavatra Mandrakizay ny fanantenanareo,
Mihazòna eo amin'ny tànan'Andriamanitra tsy miova.

Feno fiovana haingana ny fotoana,
Tsy misy eto an-tany hijoro tsy hihetsika,
Aoreno eo amin'ireo zavatra Mandrakizay ny fanantenanareo,
Mihazòna . . .

Ndao isika hahazo fahitana iray ny Aminy, io Anankiray tsy hita maso eto afovoantsika ankehitriny io, ka hanompo Azy fotsiny ankehitriny raha mihira isika.

Mihazòna eo amin'ny tànan'Andriamanitra tsy miova.
Mihazòna eo amin'ny tànan'Andriamanitra tsy miova.
Aoreno eo amin'ireo zavatra Mandrakizay ny fanantenanareo,
Mihazòna eo amin'ny tànan'Andriamanitra tsy miova.

Fiadanana! Fiadanana! Fiadanana mahafinaritra,

Manompoa Azy fotsiny ankehitriny.

Midina . . .

Tapitra ny hafatra. Fanompoana izao.

Miparitaha eran'ny fanahinay mandrakizay, mivavaka aho,
Amin'ireo onjan-dranon'ny fitiavana tsy voarefy.

Mandroa ao Aminy fotsiny.

Fiadanana! Fiadanana! Fiadanana mahafinaritra,
Midina avy any . . .

Io Loharano lehibe io, misokatra Izany.

. . . ambony;
Miparitaha eran'ny fanahinay mandrakizay, mivavaka aho,
Amin'ireo onjan-dranon'ny fitiavana tsy voarefy.

Tsy manao zavatra iray fotsiny ve izany?

Fiadanana mahafinaritra,
Midina avy amin'ny Raintsika any Ambony;
Miparitaha eran'ny fanahinay mandrakizay, mivavaka aho,
Amin'ireo onjan-dranon'ny fitiavana tsy voarefy.

Tsy misy zavatra iray ve mikasika an'Izany, manan-karena sy mamy mihitsy?

188 Manontany aho raha misy olona iray marary izay mila hosorana sy hivavahana. Raha misy izany, dia tadiavo fotsiny ny toeranareo. Ity ramatoa ao amin'ny seza misy kodiarana eo ity ve? Avelao fotsiny izy hijanona. Ho avy aho, hivavaka ho azy. Tsy mila mitsangana miala amin'ilay seza izy. Anankiray hafa?

Oh, tsy tianareo fotsiny ve ity ampahan'ny fotoana ity? Firy no mahatsapa, mahafantatra fotsiny fa eto ny Fanatrehan'Andriamanitra? Izany no resahako. Ilay iray ihany . . . Mahatsapa fotsiny ianareo toy ny . . . Firy no mahatsapa toy ny hoe afaka hikiakiaka fotsiny ianareo? Ankehitriny dia ndao isika hijery. Mahatsapa fotsiny toy ny hoe misy zavatra ao anatinareo te-hikiakiaka. Hitanareo?

> Izany dia fiadanana! Fiadanana! Fiadanana mahafinaritra,
> Midina avy amin'ny Ray any Ambony;
> Miparitaha eran'ny fanahiko mandrakizay, mivavaka aho,
> Amin'ireo onjan-dranon'ny fitiavana tsy voarefy.
>
> Mamiràta eo amiko,

189 Raha mbola ao amin'ny fanompoana isika, dia handeha hanosotra an'ilay marary izahay ankehitriny, ary hivavaka ho azy ireo. Tsy ho avy eto amin'ity làlana ity ve ianao, ramatoa?

190 Inona no dikan'izao? "Ny vavaky ny finoana no hamonjy an'ilay marary." Ny olona rehetra ao amin'ny vavaka ankehitriny, samonomonoy fotsiny io hira io. Eritrereto Jesosy manasitrana ny marary.

Hosory diloilo izy . . . ? . . .

Hebreo, Toko Voalohany MAG57-0821
(Hebrews, Chapter One)
Andian'Ny Bokin'Ny Hebreo

Ity Hafatr'i Rahalahy William Marrion Branham ity, izay notoriana tamin'ny Teny Anglisy hatrany am-piandohany ny Alarobia hariva, 21 Aogositra 1957, tao amin'ny Branham Tabernacle ao Jeffersonville, Indiana, U.S.A, dia nalaina avy tamin'ny horonam-peo ary natonta manontolo amin'ny Teny Anglisy. Ity fandikana amin'ny Teny Malagasy ity dia natonta sy nozarain'ny Voice Of God Recordings.

MALAGASY

©2018 VGR, ALL RIGHTS RESERVED

Voice Of God Recordings
P.O. Box 950, Jeffersonville, Indiana 47131 U.S.A.
www.branham.org

Filazana fahefan'ny tompon'ny boky

Tsy azo adika. Ity boky ity dia azo atao printy amin'ny fanaovam-printy ao an-trano ho an'ny fampiasana manokana na ho zaraina, tsy misy sarany, ho fitaovana iray hanaparitahana ny Filazantsaran'i Jesosy Kristy. Ity boky ity dia tsy azo amidy, na adika indray amin'ny refy lehibe, na alefa amin'ny siteweb iray, na tehirizina amin'ny fomba nisy nanesorana, na adika amin'ny fiteny hafa, na ampiasaina ho fangataham-bola raha tsy misy alàlana voasoratra mazava avy amin'ny Voice Of God Recordings®.

Ho an'ny fanazavana fanampiny na ho an'ny fitaovana hafa efa azo raisina, dia iangaviana hifandray amin'ny:

VOICE OF GOD RECORDINGS
P.O. BOX 950, JEFFERSONVILLE, INDIANA 47131 U.S.A.
www.branham.org